# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7618 | Taona faha-25 | Vidiny : 500 Ariary | Gazety mivoaka isan'andro | Sabotsy 15 jolay 2023


## AMBOHIMANAMBOLA

4

# RAIKITRA NY FISAMBORANA NY MPAN-DEHA ALINA NOHO NY "COUVRE-FEU"

## MARINA IZANY !

6

### HAMPIDI-DOZA !

## FEO DIMY - 40 TAONA

3



### HITOHY ANY TOAMASINA NY FANKALAZANA

## BAKALOREA 2023

9

# TSY AMPY NY MPANARA-MASO, NANTSOINA NY MPIASAM-PANJAKANA, NY MPIANATRA



## RAJOELINA TANY SAINTE-MARIE

7



### NITOKANA NY SERANAM-PIARAMANIDINA RAVORAHA

## AMBOSITRA

8

# MISY MIKASA HANAKATONA NY FIANGONANA JESOSY MAMONJY

## NAIVO RAHOLDINA

8



### "OLONA VONONA HANASOA NY FIRE-NENA NO TOKONY HIROTSAKA HO FILOHAM-PIRENENA"







# Tsaroako ilay ...

Dj Sissi

## Mitondra an'i Mima mitsoaka ho entina manao fampisehoana

**Mitondra an'i Mima mitsoaka manao fampisehoana**

Tany amin'ny taona 1996 tany no efa tafiditra tao anatin'ny zavakanto matihanina i Dj Sissi. Mbola mpampandihy izy tamin' izay, fa taty amin'ny taona 2000 vao lasa mpihira. Nanomboka namoaka hira nampiarahany feo tamin'i Mima izy tamin'izany, saingy mbola bedin'ny rainy i Mima. Ny renin'i Mima no mifanaraka amin'izy ireo rehefa mahazo asa dia lasa mitsoaka izy roa. Misy fotoana, mihira roa fotsiny no alehan'i Mima any Toamasina nefa any Mahajanga izy ireo no mipetraka tamin'izany. *"Leo zah"* sy *"Mifona chérie"* ny vazon'ny tarika nalaza tamin'izany ary Dj Sissi ihany no anarana nentina. Niakatra taty Antananarivo izy taona 2001 sady namoaka ny rakikira voalohany. Afaka bakalorea dia nianatra taty ihany koa i Mima. Niala tamin'ny asany tany Mahajanga i Dj Sissi satria notohizana ny gropy. Nianatra tao amin'ny Iscam i Mima sady nihira niaraka tamin'i Dj Sissi, ary nanomboka nalaza izy ireo tamin' izany. Mipetraka amin'ny kilasimandry tao amin'ny Masera Antanimena i Mima, dia entin'i Dj Sissi mitsoaka manao fitetezam-paritra. Tsy nisy fiatraikany tamin'ny fianaran'i Mima izany rehetra izany fa afaka foana izy. Maka fiara manokana mihitsy izy ireo indraindray hanenjehana ny fianarany.

**Mima nokaikerin'ny "courant" teny ambony lampihazo**

*"Tany Comore ity tantara iray ity. Niaka-tsehatra izahay tamin'izay. Rehefa ohatran'ireny, dia tsy manao kapa i Mima satria mandihy salegy. Kanjo nisy fil nihanjaka, dia lanin'ny courant teny ambony sehatra izy, dia nidina ny sehatra haingana. Nitohy foana ny hira, fa efa nahavita hira 3 zahay vao niakara indray izy. Tamin'ny 2003 tany ho any io tantara io. Be dia be ny mpijery tamin'izany; tsy nisy nahalala ny mpijery fa notohizan'ny mpihira lafika ny anjarany. Matetika, satria efa indroa : 2003 sy 2004*



*no nisian'izay tranga izay. Komoriana no mijery anay, fa ny tononkira ovain-dry zareo amin'ny fiteniny. Indraindray raisiny amin'ny teniny aza, izahay mihira dia ry zareo manaraka. Indraindray izahay manontany hoe inona no dikan' izany ataonao izany. Fa tamin'ny 2005 kosa izahay no nitety faritra tany Frantsa*", hoy izy. .

**Mahavita seho 16 miampy bal anatin'ny 2 volana**

Ny taona 2000 ka hatramin'ny taona 2005 tany ho any no tena tafakatra amin'ny faratampony ny fankafizan' ny olona izany Dj Sissi (niaraka tamin'i Mima) izany. Ao anatin'ny 2 volana monja ny tarika mahavita fampisehoana 16 miaraka amin'ny fanafanana alimpandihizana. Nisy fotoana, tany Morondava izy ireo tamin'ny 2002 : "*reraka nivoyage izahay , dia azon'ny tazo, tonga tany. Dia namonjy dokotera ary nahazo nitsindrona mihitsy ny alin'ny fampisehoana. Tsy afaka nandihy mihitsy nandritra ny fampisehoana fa mbola tsy salama. Soa ihany fa nisy mpandihy, nisaorako aza ilay dokotera mba nahasitrana*", hoy i Dj Sissi. "*Avy nanao fitetezana tany amin'ny faritra Sava, nandeha tany Morondava. Misy fiatraikany be ilay asa mafy satria indrindray aza farina ny feo, dia mandeha dokotera na mijery « trésor de mer » sotroina, misy biby kely mila sivanina ; ohatran'ny voamadilo ny tsirony* », hoy ihany izy.

**Nangonin'i Fy**

Fampirantiana etsy amin'ny IFM

## Ahitàna ireo karazan-java-manan'aina hita eto amintsika sy ao Frantsa

Haharitra hatramin'ny 27 jolay izao ny fampirantiana etsy amin'ny Institut Français de Madagascar (IFM). Raha tsiahivina dia fampirantiana iray natao hampahafantarana ireo karazan-java-manan'aina hita eto amintsika sy ao Frantsa ity fampirantiana ity izay nampitondraina ny lohahevitra hoe "Biodiversités". Fampirantiana eo ambanin'ny fiahin'ny Ramatoa Minisitra VINA Marie-Orléa sy Andriamatoa Arnaud Guillois, Masoivohon'i Frantsa eto Madagasikara.Tafiditra ao anatin'ny tetikasa Varuna SD na "science de la durabilité" izay natao indrindra anehoana ny hakanton'ny karazan-java-manan'aina sy fifandraisany amintsika zanak'olombelona koa izy ity ary entina hanomezandanja ny fikarohana, ny




**Mifameno ny soratra sy ny sary hita isaky ny tabilao.**

fanabeazana sy ny serasera ara-tontolo iainana. Misy 23 ny tabilao haranty ao ary nasiana fanazavana amin' ny teny gasy sy amin'ny teny frantsay avy izy ireo mba mora andraisan'ny mpitsidika azy tsara. Ny tabilao 14 voalohany dia mamaritra ny atao hoe "biodiversité",voafaritra ao avokoa ny hoe avy aiza sy ny hoe aiza no toerana tena ahitàna azy ary indrindra fa ny fahasarotana lalovany. Ny sivy ambiny kosa dia manasongadina ireo karazana zava-maniry sy biby izay tsy hita afa-tsy eto amintsika ihany. Misy ihany koa moa ny fanentanana atao mba hiarovan'ny olona azy ireny. Ny Muséum National d'Histoire Naturelle (MNHN) no nanatontosa ity hetsika "Biodiversités" ity niarahana tamin'ny Centre National de la Recherche pour l'Environnement (CNRE), ny Oniversité an'Antananarivo ary ny IRD. Ny Agence française de développement (AFD) no mamatsy vola ny tetikasa. Haharitra telo taona ny faharetan'ity tetikasa ity ary entina hitety tanàna lehibe miisa 10 eto Madagasikara izany amin'ny alalan'ireo tambajotra Alliances Françaises. Ny Fikambanana Green N Kool kosa no hizara sy hanapariaka azy eny anivon'ny sekoly sy eny amin'ny tontolo ambanivohitra.

**Tanya. R**

Tantara an-tsehatra

## Hitondra ny "Anjara voasedra" any Imerintsiatosika ny Iray Fy'Art

Manana ny anjara toerany eo amin'ny fanabeazana sy ny fanolokoloana ny saina ary indrindra mampita fahalalana ny tantara amin'ny onjam-peo. Mahaliana ny maro izy io ary saika mihaino izany ary mandry ilika eo am-pototry ny radio ny ankabeazan'ny olona rehefa tonga ny oran'ny tantara. Tsy nihanona amin'izany intsony ireo mpilalao tantara amin'ny onjm-peo fa nitondra azy an-tsehatra mihitsy mba hanomezana fahafaham-po ny mpankafy sy ahafahantaran'izy ireo mifanakaiky bebekokoa ny mpilalao tantara amin'ny onjam-peo. Ny Alahady 23 Jolay izao ary dia hitondra ilay tantara nosoratan'i Niravo Randria, mitondra ny lohateny hoe: "Anjara voasedra" any Imerintsiatosika ny Iray Fy 'Art. Hifanakaiky kokoa amin'ireo mpankafy amin'io fotoana io araka izany ny mpamelona ny tantara izay ahitana an-dRy Rakoto, Faly, Synèse, Antsaravaka ary i Niravo Hanomboka amin'ny 1 ora antoandro izany tantara an-tsehatra izany izay hotanterahina eo amin'ny Sahaza Stadium Tankady. Hisahana ny lafiny teknika sy ny fandrindrana ny sehatra ary hitondra ny fanentanana kosa, i Bruno Rakotomalala. Tompon'andraikitra amin'ny fanatontosana sy fikarakarana izao seho izao ny avy amin'ny Mavitrika Pro. Maneho ny fiainana andavanandro sy ny olan'ny fianakaviana ary ny fifanjevoan'ny fitiavana ny tantara. Ho hita amin'izany koa ny fampihomehezana sy ny lesona ho an'ny fanabeazana ary ny sedram-painana lalovana. Manampy izany ny hira gasigasy, hanehoan'izy ireo talenta sy ny fahaiza-manaony. Tsiahivina vao avy niaka-tsehatra tany Antanifotsy ny Iray Fy'Art ary izao any Imerintsiatosika izao indray.

Araka izany, ankoatra ny maha fialam-boly ny tantara amin'onjam-peo an-tsehatra dia eo ihany koa ny fanandratana ny kanto sy ny kolontsaina Malagasy.

**Tiaray R**

Heninkaja Contre Tenor

## Hanolotra fampisehoana miaraka amin'ny Quatuor Squad ao amin'ny la Plantation

Hanolotra fampisehoana miaraka amin'ny tarika Quatuor squad ao amin'ny la plantation Akorondrano ny 21 jolay izao ilay Contre Tenor malagasy tokana,i Heninkaja na hoe i Andriamiandra Heninkaja. Seho ahenoina mozika klasika ranoiray moa no ampanantenain'izy ireo amin'io fotoana io. Eo ireo efa hira klasika mihitsy, fa eo koa ireo hira tsotra ho tendrena amin'ny feo klasika. Ny zava-maneno araka izany eto no ahazo laka ka dia ho voarotsirottsy tsara ny sofina indrindra ho an'izay efa mpankafy ny klasika. Marihana moa fa vao izao ireto tarika roa ireto no hiaraka an-tsehatra izany, efa nisy ihany ny fiarahana tany aloha fa saingy tsy tamin'ny anarana nentin'ny tarika amin'izao fotoana. Araka izany dia inoana fa hiavaka sy ahafinaritra ity seho ho atolotr'izy ireo ity.



**i Heninkaja.**

**Nampianarin'ny mpampianatra matihanina**

Nanomboka ny taona 2006 no niditra teo amin'ny sehatry ny mozika i Heninkaja,nampiana-tena foana izy hatramin'ny taona 2009. Taorian'izay izy no nampianarin'ny mpampianatra malagasy iray (ialàna tsiny moa ny lahatsoratra diso izay nivoaka teto amin'ny gazety mahakasika izay).Nanamafy izy fa mpampianatra matihanina izay nivoaka tamin'ny « conservatoire » iray lehibe avy any ivelany no nampianatra azy rehefa nahita ny talentany ka izay no vao mehy nampitombo ny fahaizany. Efa nanao fampisehoana maromaro ihany koa izy ary mpitarika antokom-pihira evanjelista maromaro efa ho 25 taona izao. Tafaray eto araka izany ny samy havanana amin'ny mozika klasika ka dia isika sisa no andrasana.

**Tanya.R**

AMBATOVY
PORTES OUVERTES



ENTREE GRATUITE
10-15 JUILLET
09H-16H
GARE SOARANO
Ambatovy
G CL 567/7-7

"Feo Dimy"

# Hitohy any Toamasina ny fankalazana ny faha-40 taona

Feno 40 taona ny Antoko Mpihira Ny Feo Dimy ka hankalaza an'Andriamanitra noho ny famindrampony tsy manam-paharitana sy ny fombany mahagaga ka naharetana tamin'ny fanompoana Azy. Tsy miova ny zavakendren'ny Feo Dimy fa ny tontolo iasany no miova : taranaka vaovao ao anatin' ny fanatontoloana sy ny teknolojia, fihazakazahan'ny Antoko Mpihira mihira "Gospel" izay singa avy ao amin'ny Negro Spirituals, fiheverana ny hira kristiana ho toy ny entam-barotra azo jifaina ka izay hamalifaliana ny mpanjifa no imasoana. Ireo no manainga ny Feo Dimy hiatrika ny asa fanafahana napetraky ny Tompo teo an-tsorony araka ireto tanjona 2 lehibe ireto dia ny fampahalalana ny taranaka aty aoriana ny karazan-kira Negro Spirituals sy Gospels Songs izay tsy inona fa razamben-kira niavian'ny Jazz, Blues, Rock'n Roll, Country, Hi-Hop, Rap amin' izao fotoana izao. Fiverenana amin'ny fototra raha tsorina. Eo ihany koa ny fampiasana ny Hira Negro Spirituals sy Gospels Songs hampitana ny tantara ao amin'ny Soratra Masina, toy ny atao ankehitriny (vaovao an-kira, lesona any ampianarana atao an-kira.

**Fampisehoana roa any Toamasina**

Ny 10 Jona 1983 no niorina tao Ambohibao ny Feo dimy ka mpikambana 5 no tao anatiny, 4 mpihira ary 1 mpitendry. Ankoatra ny Pasitera Rahaingonjanahary Rodolphe no mpitarika ao ihany koa, Randriamahefa Noelinjanahary, Ranaivoarilala Dedem, Rahaingomahefa Pascal Ratsimbalijaona Jean Hubert (efa nodimandry) no nandrafitra ny tarika tany amboalohany. Ny handrenesan'ny mponina eran-tany ny Filazantsaran' i Jesoa Kristy sy handraisany ary hanekeny Azy ho Tompo sy Mpanafaka azy. Io no zavakendren'ny Feo Dimy ka ny fihirana ny karazan-kira Negro Spirituel sy Gospel Songs no naharesy lahatra azy ireo mba hanatrarany izany. Taty aoriana kely dia tonga feo dimy samihafa ny Feo Dimy ankoatry ny mpitendry miaraka aminy satria dia 9 izao izy ireo no mandrafitra ny tarika ary efa misy ihany koa ny taninketsa izay afaka mandimby. Efa nisy ny seho nanamarihan'izy ireo ny faha-40 taonany ny 11 Jona lasa teo ary hitohy any Toamasina indray izany ny 22 sy 23 Jolay ho avy izao. "Fanafahana" no lohahevitra entin'ny Feo Dimy manamarika ireo seho roa ireo izay iarahany amin'ny Diakona sy ny Loholona amin'ny ezaka Tilikambo.

**Hitondra USB ny album faha- 40 taona**

Raha araka ny fanazavana nomen'ny Mpitandrina Rodolphe Rahaingonjanahary, mpitarika ny Antoko mpihira Feo Dimy dia hiavaka amin'ny hetsika efa nataon'izy ireo hatramin' izay ity any Toamasina ity. Tanterahina ao amin'ny





**Tsy ny halaza na ho be voninahitra no kendren'ny Feo Dimy fa ny hanafoana ny tenany ahazoan' izay rehetra mihaino ny hirany hahita ny famonjen'i Kristy tsy hita lany.**

FJKM Krisy Fehizoro manomboka amin'ny 5 ora sy sasany hariva ny fampisehoana ka entin'ny tarika ao daholo ireo hira nahafantarana azy sy ankafihizin'ny olona tao anatin'izay 40 taona izay sy ireo hira vaovao mifanandrify amin'ity fankalazana ity. Namoaka rakitsary (Album) vaovao ihany koa izy ireo. Hira 7 no ao anatiny ka tafiditra ao antin'izanyilay hira hoe "Tsory" sy "Zava-poana" izay hira hampitodihana ny kristianina ho an'ny fanompoana an'Andriamanitra. Misy amin'ny DVD izy io saingy noho ny fangatahan'ny maro sy hamparahana ny toetrandro dia misy ihany koa ny Flash Disc na USB. Entin'izy ireo any Toamasina io vokatra vaovao io fa hisy ihany koa ireo vokatra taloha. Ny Alahady 23 Jolay kosa dia ao amin'ny FJKM Tranovato Toamasina no hanatanterahana ny hetsika. Mandritra ny fotoam-bavaka maraina manontolo izany ka ny antoko mpihira Feo Dimy no hanokatra azy. Misy fampianarana mihira amin'io fotoana io, eo ihany koa ny fampahafantarana ny fanandevoazana sy ny fiderana. Aorian'izay dia hisy sakafom-pirahalanhiana ka ny Feo Dimy no handrotsirotsy amin'ny hira fiderana mandritra izany.

**Ny antso niantefa tamin'ny Feo Dimy**

Teo amin'ny faha-12 taonany avy ny Feo Dimy no nandre ny antson' ny fanafahana tamin'ny alalan'ny fandrenesana voalohany ny Hira Negro Spiritules sy Gospels Songs nohirain'ny Mpihira efadahy "Les Gilders" avy ao amin'ny FJKM Ambohitantely (1972). Teo no nandrenesana voalohany ny hira "O ! Happy day" araka ny fihiran'ny "Golden Gate Quartet" azy ka nanentana hikaroka momba io hira io ny fifaliana sy ny fanafahana tsapa tamin'izany. Nohenoina ireo disque 33 tours navoakan' ny Golden Gate Quartet, ireo hiran' ny Les Nanahary ary ny taona 1977 dia tafajoro ny Choeur d'hommes "Ny vato famonjena." Noho ny finiavana hampivelatra ny asa fitoriana tao anatin' ny rafitra sosialista niainan' ny firenena tamin' izany (1983) dia nijoro ny Feo Dimy ka mpikambana 5 tao anatin'io Choeur d'homme io no nandrafitra azy taty aoriana.

**Fa "Izy tsy maintsy mitombo, izaho kosa tsy maintsy mihena"**

Tsy ny halaza na ho be voninahitra no kendren'ny Feo Dimy fa ny hanafoana ny tenany ahazoan' izay rehetra mihaino ny hirany hahita ny famonjen' I Kristy tsy hita lany. Koa saika ireo Fiangonana Kristiana any ambanivohitra na koa ireo fikambanana kristiana mpanao asa soa no sehapanompoana nandaniany fotoana. Na dia an-tongotra na mandeha "taxi-brousse" dia samy efa nataon'ny Feo Dimy tamin' ny fifaliana avokoa. Ankoatr'izay dia efa niova ho fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana na ONG mba hahafahan'izy ireo miroso bebe kokoa amin'ny fanafahana ny olona, amin'ny alalan'ny fampifandraisana ny filazantsara sy ny lafiny sosialy ary fampandrosoana ekonomika. Raha ny zava-bitan'ity tarika ity moa, araka ny nambaran' ny pasitera Rahaingonjanahary dia fampisehoana 200 teo ho eo, tany anivon'y faritany sy teto Antananarivo. Horonam-peo roa kosa no efa navoakany, tamin'ny taona 1990 sy 1998. Rakikira sy rakitsara 8 no navoakan'ny Feo Dimy nandritra izay 40 taona izay.

**Nangonin'i Tiaray R**

Af Antsirabe

# Faranana amin'ny fampisehoana goavana ny hetsika "Ti Takalo"

Nanomboka ny 12 Jolay teo tao amin'ny Alliance Française Antsirabe ny hetsika "Ti 'Takalo" izay tafiditra ao anatin'ny Festival de Danse. Hetsika hanehoana ny dihy sy ny tontolony amin'ny vanim-potoana ankehitriny ary natao hampiraisana ny mpanakanto misehatra amin'ny dihy sy ny famoronana. Mpanatalenta maro avy amin'ny faritra samihafa manerana ny Nosy no tonga nanatrika izany izay ahitana ny avy ao Antananarivo izay nosoloan'i RijaJarim's tena sy Njara RAsami ary eny Ivato. Tao koa ny avy any Mahajanga izay nahitana an'i Charline Tombo sy Kader Sid Hanif, ny avy any Nosy Be nosoloan'i Jean claude Rakotomamonjy tena. (Riana Solo, Akuze Dance, Master Jah, Hay Dihy). Mifanakalo traikefa, nifampizara fahaiza-manao izy ireo hatramin'ny anio Asabotsy izao isaky ny amin'ny 9 ka hatramain'ny 12 ny maraina ary tamin'ny 2 ka hatramin'ny 5 ora ny tolakandro. Rahampitso alahady kosa no hanehoan' izy ireo ny vokatry ny fikarohana sy ny traikefa azony nandritra ny 4 andro. Ao amin'ny Alliance Française Ansirabe, efitrano paris no hanaovana ny fampisehoana. Tsy misy vidimpidirana io fa maimaimpoana izay hanomboka amin'ny 2 ora sy sasany tolakandro. Amin'io fotoana io ihany koa no hamaranany ny hetsika amin'ny fomba ofisialy. Nilaza moa ireo mpandray anjara fa ilaina tokoa ny hetsika toy itony mba ahafahana mampivoatra ny talenta ao anaty ka aorian'ny hetsika dia hitondra izany any amin'ny faritra niaviany indray izy ireo. Tsy hoan'ny vondrona



**Ahafahana mampivoatra ny dihy hetsika "ti takalo".**

mpandihy ihany fa ho an'olon-tokana ihany koa ny fizarana traikefa sy fampiofanana nandritra iny herinandro iny. Marihana fa efa miroborobo eto amintsika ankehitriny ny "danse contemporaine" ary anisan' ny manosika izany ny Alliance Française.

**Tiaray R**


## PETITES ANNONCES *Gazetiko*

### MIVIDY

* Mm Feno. Mividy kojakoja, fanaka, poketra, kiraro, debara sns. Tél : 034.22.160.88 / 033.72.834.38. (G-BA 591/20-14)

* Lamba, kiraro, fanaka, machine, vy, TV, debara, kilalao sns. Tél : 034.03.047.43. Mme Sarah. (G-BA 600/20-5)

### COURS

* Cours de Vacances Anglais, Français, Chinois chez Wise School Analamahitsy. Tél : 034.17.947.22. (G-BA 603/4-3)

* Cours de coiffure accéléré : Isotry ampitan'ny mpivarokazo. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 598/10-9)

* Cours de musique : Piano, clavier, guitare. Accéléré à domicile. 2 mois. Tél : 034.53.257.77. (G-BA 602/7-5)

### FAMPIANARANA

* Fampianarana manety lehilahy : coupe homme. Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 598/10-9)

### SERVICE

* Vidange fosse wc perdu, puisard, plomberie, réparation, curage. Tél : 034.84.866.77. (G-BA 601/6-5)

### VIDANGE

* Vidange wc fosse septique, wc gasy, puisard, pompage, raclage, bacs à graisse. Tél : 038.42.629.39. (G-BA 577/14-6)

* Vidange wc & puisard, construction, plomberie. Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (G-BA 594/16-10)

Ambohimanambola

# Noho ny "couvre-feu", raikitra ny fisamborana ireo mpandeha alina

*Nisy ihany koa ny fisamborana ireo mety hiteraka fanankorontanana ny hafa.*

Noho ny firongatry ny tsy fandriampahalemana eny amin'ny faritra Ambohimanambola iny dia efa andro maromaro izay no nihatra ny « couvre-feu » na ny tsy fahafahana mivezivezy amin'ny alina. Izany dia manomboka amin'ny 9ora alina hatramin'ny 04ora maraina. Entitra tanteraka ny mpitandro filaminana amin'ny fampanarahana izany fepetra izany hitandroana ny filaminana. Mbola misy ihany anefa ireo tsy manaraka izany ka niroso tamin'ny fisamborana ireo mpandeha alina ny zandary. Maromaro ihany no voasambotra afakomaly alina. Nisy ireo tsy nitondra karapanondro, ny tsy misy antondia mazava sy ny misotrosotro miaraka amin'ny namany tratra alina. Nentina tany amin'ny biraon'ny zandary avokoa izy ireo ary nampahatsiahivina azy ireo ny tokony hanarahana ny làlana sy ny fepetra apetraka izay mila arahin'ny besinimaro.

**Nanao « bal »**

Fa rangahy iray ihany koa no nosamborina raha nanao alim-pandihizana tamin'ny lanonam-pianakaviana nataony. Voarara ihany koa anefa ny fanaovana alimpandihizana mandritra ny "couvre-feu" saingy mbola nanao ihany izy. Nasaina nifona tamin'ny mpiaramonina ilay rangahy fa tsy hamerina intsony. Nanamafy ny zandary fa ho fiarovana ny vahoaka sy ny fananany no anton'ity fepetra noraisina ity ka tokony samy hanaja sy hanaraka izany ny mponina.

R.C

Nosy Be

# Vehivavy 64 taona teratany vahiny nisy nanolana tao an-tranony

Vehivavy iray 64 taona teratany vahiny no nsy nanolana tao an-tranony ny alin'ny alarobia hifoha alakamisy lasa teo tany amin'ny fokontany Ambatoloaka any Nosy Be. Ity vehivavy ity irery no tao antranony tamin'ny fotoana nahatongavan'ilay olondratsy. Tokony ho tamin'ny 3 ora sy sasany no nisy olona niditra tao an-tranony ary nanery azy hanome vola. Rehefa namaly ravehivavy fa tsy manam-bola dia naolan'ilay olon-dratsy. Tsy nisy entana zavatra nangalarin-dralehilahy tamin'io fa lasa izy avy eo. Fantatr'ilay niharam-boina ilay lehilahy voalaza fa nanolana azy ka nampandrenesina mikasika ny zava- niseho ny zandary. Nandray ny andraikiny avy hatrany ireto farany ary nisambotra ilay lehilahy ny alakamisy tokony ho tamin' ny 2 ora sy fahefany no voasambotra izy. Efa nentina tany amin'ny tobim-pahasalamana tany Tsararivotra ihany koa ilay ramatoa taorian'izay. Lehilahy 46 taona ity voarohirohy ity. Tsy an'asa izy ary mipetraka any Ambatoloaka Nosy Be ihany. Fantatra fa olon-tiany taloha ihany io vehivavy io. Ny fanampim-panazavana hatrany no nahalalana fa Fantatra fa ity ilehilahy ity ihany koa dia efa naiditra am-ponja tany Nosy Be noho ny resaka fivarotana sy fidorohana zavamahadomelina mahery vaika. Notanana tany amin'ny zandary ilay lehilahy taorian'ny fisamborana azy.

T.H

Mitsinjo

# Rangahy nilaza ho manana kalanoro nikasa hisoloky tamin'ny merkiora

Tsy kely làlana mihitsy ny ratsy amin'ity resaka fisolokiana ity. Rangahy iray indray mantsy no nisoloky olona tamin'ny merkiora sandoka tao Antsohery, fokontany Matsakabanja, distrikan'i Mitsinjo. Araka ny fanazavàna azo, mody mampiresaka olona izy ary milaza fa tsara vintana. Milaza ho manana Kalanoro ihany koa ka notendren'ny Dadarabe ary tamin'izany no nahazoany merkiora. Vato mirehitra « carbure de calcium » anefa ilay izy fa tsy tena merkiora akory. Io no entiny hakàna vola aman'olona. Tamin'ity indray mitoraka ity dia lelavola mitentina Efatra tapitrisa



Ireo zavatra tratra tany aminy !

Ariary no saika halainy tamin'ny rangahy iray tao Antsohery-Namakia. Mailo avy hatrany anefa ilay rangahy fa toa hafahafa ity lehilahy ity sy ny fomba firesany. Nampandre ny mpitandro filaminana izy ka tsy niandry ela fa niroso tamin'ny fanadihadiana ny zandary.

**Any am-ponja**

Rehefa natao ny velapandrika dia voasambotra ilay lehilahy. Mbola tratra teny aminy ihany koa zavatra saika hisolokiany olona. Rehefa nozahana akaiky io dia hita fa tena manjelanjelatra fotsiny. Ny 02Jolay lasa teo no nahazo fitaraina mahakasika azy ity ny zandary avy ao Namakia ka izao voasambotra izao ilay mpisoloky. Notanana natao famotorana avy hatrany io ary nidoboka any am-ponja rehefa avy natolotra ny Fampanoavana tao Mahajanga.

R.C

Amboasary Atsimo

# Rangahy maty novonoin'ny jiolahy nirongo basy sy famaky



Nisehoana vono olona tany amin'ny fokontany Bekijeja ao anatin'ny kaominina Tranomaro any amin'ny distrikan'Amboasary atsimo, ny alakamisy lasa teo tokony ho tamin'ny 3 ora tolakandro. Rangahy lehibe iray 72 taona no maty nisy namono tamin'io fotoana io tany an-tsaha tany amin'ny toerana antsoina hoe Ankorabe any amin'io fokontany voalaza etsy ambony io ihany. Araka ny fanazavana azo dia jiolahy miisa efatra tsy fanta-piaviana ary nirongo basim-borona sy famaky no tonga nanafika azy tany amin'ilay toerana. Tonga avy any ireo olon-dratsy avy dia nanatona an'ilay rangahy ary nanatanteraka ny asa ratsiny. Rehefa vita izay dia lasa nitsoaka izy ireo. Ilay faty efa nitsirara nihosin-drà teo ny hitan'ny olona. Vetivety dia niely ny feo mikasika ny fisian'io faty io ka tonga nitangorona nijery izany ny fokonolona. Nampandrenesina haingana ihany koa ny mpitandro filaminana ka raha vantany vao naheno izany izy ireo dia nandeha nidina ifotony tany an-toerana nanao fitsirihana niaraka tamin'ny dokotera. Tsy fantatra mazava hatreto izay anton'ny namonoan'ny jiolahy ity rangahy ity. Efa mandeha ny fanadihadiana amin'izao fotoana izao hikarohana ireo nahavanon-doza. Taorian'ny fizahana rehetra tokony natao dia efa natolotra ny fianakaviana ny razana.

T.H

Tanjombato

# Mpangarom-paosy tratra tao anaty taksibe

Trà-tehaka teo am-panaovana ny asa ratsiny mihitsy ity lehilahy iray, izay nisikotra finday tao anaty poketra an'ilay ramatoa nipetraka teo akaikiny. Rehefa azony izany dia nasitriny moramora tany am-paosiny ary nihevitra izy fa tsy nisy nahita. Sendra nisy polisy nanao fanamiana anefa nandeha tao anatin'ilay taksibe ka rehefa nahatsikaritra izany io dia niantso ny namany avy hatrany hanakana ilay fiara. Avy any Andoharanofotsy hihazo an'Anosy moa ilay taksibe ka rehefa tonga teo Tanjombato dia nosakanan'ny polisy. Taitra ilay lehilahy raha nahita ireo polisy ka saika hitady làlana hivoahana saingy tsy afaka fa voasakana. Nosavaina avy hatrany izy ka mbola tratra tany anaty paosiny ny finday avy nangalariny ka tsy afaka namaly intsony. Nentina nankany amin'ny biraon'ny polisy natao famotorana avy hatrany ity mpangarom-paosy ity.

R.C

MANAL'AZY DE MI'MEME



Semipi

## Nanandratra avo ny fanevam-pirenena



Ireo SEMIPI nisolo tena an'i Madagasikara nandritry ny fankalazana ny fetim-pirenena frantsay.

Nandray anjara tamin'ny matso lehibe fankalazana ny fetim-pirenena Frantsay tao amin'ny "Champs Elysées Paris" ny avy ao amin' ny "Sekoly Miaramilam-pirenena" Fianarantsoa. Ankoatra azy ireo dia nisy tamin'ireo Lisea Miaramila 5 hafa aty Afrika ihany koa anisan'ny nahazo fanasana, avy amin'ny lehiben'ny Etamazaoron'ny Tafika Frantsay. Nitarika ireto miaramila kely ireto ny kolonely Rafidison Alain Bernardin, komandin'ny Sekoly. Ny Lietnà Randriamanantena Stephano no mpitondra ny faneva ary nanaraka azy mpiambina ny faneva ny Ecp Rabearilala Idda Styvano, sy ny Ecp Randriamiarinarivo Fenitra Hasina, ny Ecp Randriantsiory Mickael Chantino, ary Ecp Andriamanjakanirina Georges, sy Ecp Randriambololonera Mamisoa Georges Angelio, Ecp Raharimanana Todisoa Jimmy Stephan. Izany hoe tsy vitan'ny fandraisana anjara fotsiny no nataon' ireto miaramila kely ireto fa fanandratana avo ny fanevam-pirenena malagasy. Ny "Sekoly Miaramilam-pirenena" na "SEMIPI" Fianarantsoa dia mamolavola ireo taninketsan'ny Tafika ary miara-miasa akaiky amin'ny "Prytanée National Militaire de la Flèche" ao Frantsa.

**Fetim-pirenena**

Tsara ho marihina fa matetika isan-taona dia misy amin'ny Tafika sy Zandarimariam-pirenena malagasy hatrany voaasa manatrika ny 14 jolay io any Paris ary mazana dia mandray anjara amin'ny matso mihitsy izy ireo. Ohatra ihany koa tamin'ny fetim-pirenena Kaomorianina teo dia nisy delegasiona tafika malagasy izay notarihin'ny "Général de Division" Sahivelo Lala Monja Delphin, Lehiben'ny Etamazaoron' ireo Tafika (CEMA) sy ny Jeneraly Andry Rakotondrazaka, Komandin'ny Zandarimariam-pirenena dia voaasa manokana tany kaomoro.

**Ariel D.**

Raharaha Vadintany

## Voasazy mandoa onitra, tsy afaka manao asam-panjakana mandritra ny 2 taona i Me Kanto



Ilay Me Kanto Rakotonatoandro, niharan'ny sazy tsy ara-drariny.

Niakatra fitsarana Manokana miady amin'ny kolikoly (PAC) tao Mahajanga, omaly. Ilay ramatoa vadintany Me Kanto Rakotonatoandro. Rehefa nivoaka ny didy dia voasazy handoa onitra 3 tapitrisa ariary izy. Ka ny 2 tapitrisa ariary dia lamandy aloa amin'ilay mpitory. Ankoatra izay dia voasazy tsy ho afaka manao asampanjakana mandritry ny roa taona ny tenany. Tsy afa-po ny mpisolovava misahana ny fiarovana an' ny Me Kanto Rakotonatoandro ka hampiakatra ny raharaha. Milaza ihany koa ny teo anivon'ny fikambanamben'ny vadintany eto Madagasikara na ny "Chambre Nationale des Huissiers de Justice" fa tsy ara-drariny ity fitoriana ity. Tsy tokony ho fananaraotam-pahefana ny hanenjehana azy satria fanatanterahana didy no natao tamin'ny fitakiana ilay volan-jaza izay nanaovany asa na ilay "Pension Alimentaire". Manoloana ity tranga ity dia nanao fanambarana niaraka ihany koa ny mpisolovava sy ny vadintany. Milaza izy ireo fa rehefa misy olana eo amin' ny asan'ny roa tonta dia tsy tokony mitory avy hatrany fa tsy maintsy am-pandalovina ny « chambre » izany ary dinihana tsara raha hoe mitombina sa tsia.

**Tsy rariny**

Tsy ara-drariny ny fampidirana am-ponja vonjimaika an'ny Me Kanto Rakotonatoandro, izay vadintany miasa any Mahajanga ity *, raha ny nambaran'ireo vadintany namany. Mitaky ny hanajana ny lalàna izy ireo na ny eo anivon'ny tomponandraikitra mpanatanteraka didy sy ny mpamoaka didy izany na ho an'ireo mpitory na ny toriana. Nanamafy ny fikambanamben'ny vadintany eto Madagasikara fa voatohitohina ny asan'ny vadintany. Olona nanao ny asany ara-dalàna i Me Kanto Rakotonatoandro ary nisy didim-pitsarana teo aminy. Izany hoe fanantanterahana didy na "forme exécutoire" no nataony ary mbola tsy niroso tamin'ny fanagiazana na "saisie" izy izao niharan' ny sazy izao.

**Ariel D.**

Antsiranana

## Ankizivavy 6 taona naolan'ny raikeliny

Nisehoana fanolanana zaza tsy ampy ny alarobia lasa teo tokony ho tamin'ny 11 ora sy sasany alina tany amin'ny toerana antsoina hoe Ankijampakely fokontany Irodo, ao anatin'ny kaominina Ankarongana any amin'ny distrikan'Antsiranana faharoa. Ankizivavikely 6 taona no naolan'ny raikeliny tamin'io fotoana io. Vantany vao nahafantatra ny zava-niseho ny fianakavian'ilay lasibatra dia nandeha nanatona ny biraon'ny mpitandro filaminana sy nametraka fitoriana. Nanoloana izany, tonga dia nandray ny andraikiny ny zandary tany an-toerana ka niroso avy hatrany tamin'ny famotorana ary nikaroka ny nahavanon-doza. Fantatra fa lehilahy iray 49 taona ity voarohirohy ho nanolana ity. Nandehanana tany amin'ny toerana nahitana azy ka tratra tao ralehilahy. Taorian' ny fisamborana azy dia nentina nankany amin'ny biraon'ny zandary izy. Notanana sy natao famotorana ka araka ny fanazavana dia nandritra izany no nahafantarana fa niaiky ny heloka vitany ity lehilahy ity fa nanatanteraka ny filandratsiny tamin'io ankizivavikely zana-badiny io. Ny fanampim-panazavana no nahalalana fa zanaka mpamboly ity niharan'ny fanolanana ity. Aorian'ny fakana am-bavany an'ilay voarohirohy eo anivon'ny mpitandro filaminana dia hatolotra ny fampanoavana ny raharaha.

**T.H**

## Tatsy sy taroa

***#Saron'ny zandary ilay mpamatsy rongony tao Andohafarihy, fokontany Ambodiriana distrika Ambatolampy.*** Loharanombaovao avy amin'ny olona tsara sitrapo no nahafahana nanao ny hetsika fisamborana. Rehefa nidina teny an-toerana ny Zandary izay notarihin'ny Kapiteny lehiben'ny vondro-tobim-paritra Ambatolampy dia nanao fisavana trano izay voalaza fa mitazona sy mivarotra rongony. Ny alakamisy teo no tonga tao amin'io toerana io izy ireo ka rongony tapa-gony sy fonosana rongony miisa 338, milanja 4 kg sy 250 grama no tratra tao amin'ilay tokantrano iray voalaza etsy ambony. Marihina fa ity olona ity dia efa mpamerin-keloka amin' ny resaka fitazomana sy fivarotana rongony. Nentina tao amin'ny Biraon'ny vondro-tobim-paritra Ambatolampy ilay mpivarotra ary natao andrimaso. Nogiazina kosa ireo zava-mahadomelina ireo.

***#Lehilahy iray no saron' ny polisy manao fanamiana sivily tao anaty taxi-be 137, mihazo an' Andoharanofotsy iny, omaly.*** Tratra teo ampangaronana paosy ity lehilahy ity. Nisikotra finday ao anaty poketra an'ilay mpandeha teo akaikiny izy. Rehefa azon'ilay lehilahy ny finday dia nasitriny tany ampaosy ary nihevitra fa tsy nisy nahita izy. Ilay Polisy anefa efa niantso ny namany hanakana ilay taxibe rehefa tetsy amin'ny Jumbo Tanjombato. Vokany, voasakana ilay taxi-be ary nosavaina ilay lehilahy ka hita tany anaty paosiny ilay entana halatra. Tsy afaka ny namaly intsony ary nosamborina teo no ho eo ihany. Tafaverina amin'ny tompony kosa ilay finday.

**Ariel D.**


*« Na dia levona aza ny nofoko sy ny foko, dia mbola vatolampin'ny foko sy anjarako mandrakizay Andriamanitra( … )» Salamo 73: 26*

**FILAZANA MANJO**

Amin'ny **finoana sy fanantenana amin'ny fitsanganan'ny tena amin'ny maty** no ampandrenesanay anareo havana sy namana rehetra, fa ny Malalanay:

***RAZARA Roseline***



dia nantsoin'i Ray nody any Aminy, ny Alarobia 12 jolay 2023, rehefa nivahiny 80 taona teto an-tany.

Hoy ny vadiny **RANDRIAMBELO Thomas**

sy ireo **zanany**:

- RANDRIAMBELOSON Rodrigue Ludovic sy Voahangy vadiny
- RANDRIAMBELO Roselys Fortuna sy Andrew vadiny
- RANDRIAMBELO Thompson Christian
- RANDRIAMBELO Rody Telesphore sy Lucienne vadiny
- RANDRIAMBELONORONIRINA Lydie Christobelle sy Stéphane vadiny
- RANDRIAMBELO Tatamomalala Penelope sy Philippe vadiny
- RANDRIAMBELO Fanomezana Rossini sy Mamy vadiny
- RANDRIAMBELO Anjaratianafara Sabine Maryse sy Faly vadiny

Ireo **zafikeliny**:

-Natacha -Matthieu -Eméric -Christina -Alicia –Faith –Quenthin –Tristan –Maeva –Fitia –Finhiavana –Fahendrena –Christelle –Nelly –Fanantenana –Naomi

Ireo **iray tampo** aminy sy ireo **iray tampo amin'ny vadiny**

Ireo **Mpiandry** iray andiany **«Famindrapo»**

Ireo **mpiara-mivavaka** aminy ao amin'ny fiangonana **FLM Antanifotsy** Ankazobe Ankidona

Ny **fokontany** Ankazobe Ankidona

Ny fotoam-pivavahana dia hotanterahina ny **Talata 18 Jolay 2023** amin'ny **01 ora tolakandro** ao amin'ny fiangonana **FLM Antanifotsy Ankazobe** alohan'ny hanaterana azy eny amin'ny **fasan'ny Mina Ivory Avaratra Fianarantsoa.**

G NC 010/1-1

Fetim-pirenena frantsay teny Ivandry

# Nahasarika mpanao politika avy amin'ny firehana samihafa

Sokajian'ny maro ho fanaovana pi-maso ny Frantsay amin'izao volana vitsivitsy mialoha ny fifidianana izao ny fihetsika nasehon'ireo mpanao politika tonga maro teny Ivandry nandritra ny fankalazana ny andron'ny 14 jolay, omaly. Raha ny tazana teny an-toerana, dia nahasarika mpanao politika avy amin'ny firehana samihafa, na mpomba na mpanohitra ny fitondrana izany Fetim-pirenena frantsay izany. Isan'ny tazana nanatrika io lanonana teny Ivandry io sy tsy nanao antso an'efitra ny fanasana nalefa tany amin'izy ireo ohatra ireo filoham-pirenena teo aloha Marc Ravalomanana sy Hery Rajaonarimampianina. Tazana teny an-toerana ihany koa ny depiote Roland Ratsiraka sy Siteny Randrianasoloniaiko ary Johasy Eleonore. Ankoatra ireo dia tazana maro teny an-toerana ihany koa ireo Filohan'ny Andrimpanjakana sy mpikamban'ny fahefana mpanatanteraka maromaro izay notarihan'ny Minisitry ny fiarovam-pirenena ny Jeneraly Josoa Rakotoarijaona. Tsetsatsetsa tsy aritra no ilazana ao anatin'izany fa maro tamin'ireo voatanisa anarana ireo no tsy hita nanatrika ny Fetim-pirenena Malagasy teny Mahamasina tamin'ny 26 jona. Etsy andanin'izany, nazava kosa ny tenin'ny Masoivohon'i Frantsa miasa sy monina eto amintsika ny SEM Arnaud Guillois nandritra ny lahateniny fa tsy hitsabaka amin'ny raharaham-pifidianana eto Madagasikara ny Frantsay ary mitovy avokoa ny fandraisany ireo izay ho kandida fa tsy hoe hisy tombo sy hala araka ny resaka mandeha eny anivon'ny fiarahamonina eny.



Santionany amin'ireo mpanao politika teny Ivandry, omaly.

**Nosy Malagasy**

Mifanindran-dalana amin' izay, nanamafy io diplomaty frantsay io fa vonona hanohana an'i Madagasikara amin'ny fanatanterahana ny zotram-pifidianana i Frantsa ary mitaky ny hanatanterahana fifidianana izay ho filoham-pirenena madio sy mangaraharaha, ary eken' ny rehetra. Izy ireo, raha tsiahivina dia efa nanome iray tapitrisa Euro ho fandraisany anjara ao amin'ny kitapo iombonana na "basket fund" hanatanterahana ny fifidianana. Marihana fa tsy voaresaka nandritra ny lahateny nataon' ity Masoivohon'i Frantsa ity ny momba ireo Nosy malagasy na "iles eparses". Ny governemanta malagasy nosoloin'ny minisitry ny fiarovam-pirenena Josoa Rakotoarijaona tena no nanisy resaka momba ireo tanintsika mbola bodoin'ny Frantsay ireo nandritra ny lahateniny. Nitaky ny hitohizan'ny dinika ho famerenana ny fiandrianam-pirenena amin'ireo tanintsika ireo ity manamboninahitra jeneraly ity tamin'izany.

**Mamy R.**

## Marina izany !

### Hampidi-doza !

**Sesilany ny fanehoan-kevitra mahakasika ny fakan-kevitra atao any amin'iny faritra Atsimo iny ny hanondran'i Madagasikara hena any Ivelany. Samy nandrenesam-peo mahakasika izany na ny olon-tsotra na ny olomboafidy, indrindra ny avy any amin'iny faritra atsimo. Saika itovizan'ny rehetra ny hevitra ny amin'ny hoe hampidi-doza eto amin'ny firenena io soso-kevitra aroso io satria tsy ho voafehy ny fanondranana ka vao maika hampirongatra ny asan-dahalo. Heverina fa tsy misy mahadiso izany fanehoan-kevitra izany satria matetika tato ho ato no nandrenesana mpitandro filaminana eny an-kianja maty, noho ny fifanandrinana amin'ny dahalo. Ary saika isan'andro no misy fitarainana ataon'ny tantsaha fa fongotra ao anatin'ny fotoana fohy ny ombin'izy ireo, noho ny hetraketraky ny jiolahy, nefa ankoatry ny maha zava-dehibe ny omby amin'ny resaka kolontsaina dia io no hany fomba itehirizan'ny tantsaha ny volany. Ny solombavambahoaka voafidy tany amin'iny faritra atsimo iny moa nilaza mihitsy fa varavarana misokatra mankany amin'ny firongatry ny tsy fandriampahalemana ny fikasana hanondrana hena any ivelany. Manoloana izany, nanao fanamarihana ny olom-boafidy avy amin'iny faritra atsimo iny ny amin'ny hoe: Raha hanondrana hena any Ivelany i Madagasikara, nefa tsy manana pôlitika mampitombo taranaka dia tsy ahiana ho lany ringana ve ny omby? Ankoatra izay, anisan'ny fanehoan-kevitra nivoaka ihany koa ny hoe: tsy ny tantsaha mpiompy rehetra no nahazo fiantsoana hanatrika ilay fakan-kevitra fa nisy fanilihana ny hafa. Ny dikan'izay ve efa notsongaina ny sokajin'olona tsy hanohitra ka ho fombafomba fotsiny sisa ny fakan-kevitra ?**

Voahangy Rakotozafy

Ravolatsara Arlette Florine

# Nanohana ny voka-pikarohana nataony nandritra ny 4 taona

« Logiques et pratiques des groupes sociaux face aux interdits dans l'aire protégée de Menabe Antimena, Madagascar" (dika malalaka: ny lôjika sy ny fomba amampanaon'ny mponina, manoloana ireo tsy tokony hatao ao anatin'ny faritra arovana any Menabe Antimena-Madagasikara). Io no lohahevitra nanaovan-dRavolatsara Arlette Florine fikarohana nandritra ny 4 taona. Tamin'ny alakamisy lasa teo no nanohana ny asa fikarohana nataony, manoloana ireo mpampianatra ao amin'ny sampana «anthropologie et environnement», eny amin'ny oniversiten' Antananarivo ny tenany. Taorian'ny fanohanana dia nahazo ny mari-pankasitrahana faran'ny ambony (mention très honorable) ny tenany. Marihina fa anisan'ny manaraka fiofanana tao amin'ny "École Doctorale - EAD, mention Anthropologie" sy teny amin'ny oniversiten'Antananarivo izay miara-miasa amin'ny CNRE (Centre National de Recherche sur l'Environnement) ary ny « laboratoire des migrations interne) ao amin'ny CNRE sy CIRAD Ravolatsara Arlette florine.



Fahadimy avy any an-kavia, Ravolatsara Arlette Florine.

**Tokony miankina amin'ny toerana sy ny kolontsaina**

Ny fikarohana nataony izay tsiahivina fa teo ambany fiahian'ny Profesora Randriamarolaza Louis Paul sy ny docteur Andriamiarisetra Andry Solofo. Anisan'ny nisongadina tao anatin'ny fikarohana nataony ny mahazava-dehibe, tsy eto amintsika ihany fa amin'ny sehatra iraisam-pirenena mihitsy ny fiarovana ny tontolo iainana ary anisan' ny nanao sonia ny fifanarahana iraisam-pirenena maro mahakasika izany i Madagasikara. Na dia eo aza anefa ireo mpiaramiombon'antoka maro izay manohana amin'ny alalan' ny famatsiam-bola ny fiarovana ny tontolo iainana dia misedra olana noho ny fahapotehan'ny tontolo iainana ny firenentsika, araka ny fanamarihan-dRavolatsara Arlette Florine. Antony maha zava-dehibe ny vokapikarohana toy izao. Na izany aza anefa, sosokevitra narosony ny tsy hanarahana befahatany ny politikan'ny mpamatsy vola fa tokony miankina amin'ny toerana misy ilay faritra arovana sy ny kolontsaina ao aminy. Antony, rtsy voatery hahalala ny zavamisy ny mpamatsy vola, hoy ihany i Ravolatsara Arlette Florine.

**Nangonin'i V.R.**

Masoivoho Amerikana eto Madagasikara

# Manamafy ny fahavononany hanohana fifidianana madio sy malalaka

Valo amby efapolo ora taorian'ny fanambarana nataon'ny Praiminisitra, nampahafantatra amin'ny fomba ôfisialy ny datim-pifidianana, naneho hevitra ny masoivoho Amerikana eto Madagasikara. « Mahafaly ny fanambaran'ny governemanta Malagasy ny namoaka amin'ny fomba ôfisialy ny datim-pifidianana sy ny fiantsoana ny mpifidy handatsabato ». Notsiahivin'ny ambasady Amerikana fa « manandanja amin'ny tanjaky ny demôkrasia ny fifidianana ary hamafisiny ny fahavononan'ny Amerikana hanohana fifidianana malalaka sy madio ». Ny dikany, tsy miova amin'ny efa nambarany ny tokony hanomanana sy hanatanterahana latsa-bato manaja ny lalàm-fifidianana sy tsy mirona na amin'ny atsy na ny aroa ny Amerikana. Ary tsy mijanona amin'ny fanambarana fotsiny ny fahavononany hanohana fa naneho ny fahavononany hihaona amin'ny mpisehatra ara-politika eto Madagasikara ny ambasadaoro Sem Claire Annette Pierangelo, hiresaka mahakasika ny fifidianana. Ny mpisehatra izay iarahan'ny rehetra mahalala fa ao anatiny ny mpirotsaka hofidiana ; ny mpanao pôlitika mpomba ny fitondrana ; ny avy amin'ny mpanohitra...Iretsy farany izay na tsy mitovy hevitra amin'ny teboka hafa aza dia miray feo kosa nitaky ny hisian'ny fifampiresahana ka hametrahana solontena avy amin'ny ny mpisehatra rehetra voakasiky ny fifidianana, ao amin'ny CENI. Toy izany koa ny eny Ambohidahy, amin'ny maha fitsarana hamoaka amin'ny fomba ôfisialy ny vokapifidianana azy, nefa mahatsikaritra ny mpanohitra fa mandray baiko amin'ny mpanatanteraka!

**V.R.**



Minisitry ny Fitsarana

# Nihaino ny olan'ny mpirakidraharaha

Nihaona tamin'ny lehiben'ny mpirakidraharaha amin'ny fitsarana ambaratonga voalohany manerana an'i Madagasikara ny mpitahiry ny tombokasem-panjakana Minisitry ny fitsarana, ny alakamisy teo tao amin'ny Hôtel Le Pavée Antaninarenina. Nanatanteraka atrikasa izy ireo nandinihana ny olana fototra sy ny fomba entina manatsara ny fomba fiasa. Nanome voninahitra izany ramatoa Randriamanantenasoa Landy Mbolatiana Mpitahiry ny Tombokasem-panjakana, Minisitry ny Fitsarana ka nandritra izany no nanamafisany ny maha-zavadehibe ity fihaonana ity, izay hita soritra hoy izy fa hanova zavatra betsaka eo amin'ny tontolon'ny asa iandraiketan' ny Mpirakidraharaha. Nandray anjara tamin'ity hetsika ity ihany koa ny Filohan'ny Sendikan'ny Mpirakidraharaha eto Madagasikara sy ireo Birao miara-miasa aminy.

**Ariel D.**

Filoha Andry Rajoelina tany Sainte Marie

## Nitokana ny seranam-piaramanidina Ravoraha



Nisy ny fitokanany ny takelabato fanamarihana ny fahavitan'izany avy eo.

«*Tsy maintsy hampandrosoana ary tsy hadino i Sainte Marie manomboka izao* », hoy ny Filoha Andry Rajoelina nitokana ireo jiro fanazavana ny seranam-piaramanidian'i Ravoraha ao an-toerana omaly alina. Nambarany tamin'ny lahateniny fa ny toerana malaza amin'ny fizahan-tany tahaka itony dia mila fotodrafitrasa sahaza azy ary isan'ny vavahady midy ao ny seranam-piaramanidina. Nazavain'ny Filoham-pirenena fa efa velirano nataony ny hanamboatra sy hanatsara ity seranam-piaranidiana ity. Manomboka izao dia afaka mandray fiaramanidiana amin'ny andro alina ny ao Ravoraha ary milahatra amin'ny seranana iraisam-pirena ihany koa. Tetsy andanin'izany, dia nilaza ny Filoha Andry Rajoelina fa maromaro ireo fotodrafitrasa vitan'ny fitondram-panjakana ka hotokanany any amin'ny nosy Sainte Marie manomboka anio. Tafiditra ao anatin'izany ny fanamboaran-dalana mirefy 27 km miainga avy ao Vohilava hatrany amin'i Saint Joseph. Eo koa ny « Centre de formation professionnelle » momba ny fizahantany, ny fametrahana ny toby famokarana herinaratra lehibe mandeha amin'ny herin'ny masoandro izay ho vita alohan'ny faran'ny taona, ary ny fitakanana ny finangonana katolika voalohany teto Madagasikara izay nasiam-panamboarana.

**4.400.000.000 ariary**

Mikasika ity seranampiaramanidina ity dia nambaran'ny Tale Jeneralin'ny ADEMA Atoa Andrianiaina Jean Germain fa mitentina 4.400.000.000 ariary ny vola nanaovana ny asa fanavaozana sy fametrahana ireo jiro ireo ao amin'ity seranana ity ary an'ny fanjakana madiodio. Miisa roa ny lanonana ofisialy tanterahana tao amin'ny seranam-piaramanidina, Ravoraha. Ny voalohany dia ny fanolorana amin'ny fomba ofisialy ny diploma fanamarinana ny maha seranana manana ny lenta iraisam-pirenena an'i Ravoraha Sainte Marie. Fepetra napetraky ny ACM sy ny « Organisation de l'Aviation Civil International » (OACI) ny famefena tanteraka ny seranana. Ny lanonana faharoa kosa, dia ny fametrahana ireo jiro manamarika ny lalankizoran'ireo fiaramanidina rehefa hiantsona ao amin'ny seranan'i Ravoraha, ao Sainte-marie. Mipetraka amina halavirana toeram-piantsonan'ny fiaramanidina mirefy 1400 metatra ireo jiro famantarana ireo.

**JUDD**



Ny Filoham-pirenena no nanao ny andrana fampandehana ny jiro ao amin'ny seranan'i Ravoraha.


**AVIS DE MODIFICATION**

Après la décision prise du Gérant de la Société ASIA SARLU sise au lot II E 37 bis Soarano.

Suivant Procès verbal enregistré du 10/07/2023. F°50. N°448.Vol I/62

- Démission du Gérant
- Nomination de nouveau gérant
- Cession des parts sociales.

Statistique : 47711 11 2023 0 10727
NIF : 401797115 RCS 2023B00715

G-CL571/1-1


Fizakan'ny filoha zo frantsay

## Nitory teny amin'ny HCC i Fanirisoa Ernaivo

Raha mbola tsy nisy tohiny ilay fitoriana nentin'ireo irak'i Fanirisoa Ernaivo teny amin'ny tribonaly Anosy, hangatahana ny fanafoanana ny zom-pirenena malagasy ananan'ny filoha, taorian'ny nangatahany ny zom-pirenena frantsay dia nametraka fitoriana hafa teny amin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana manodidina izany indray izy ireo, omaly. Ity farany, araka ny fanazavana nentin'i Fanirisoa Ernaivo tao amin'ny pejy facebookny, omaly dia kendrena hanafonana sy tsy hampanankery ny filatsahan'ny Filoha Andry Rajoelina ho isan'ny kandida tamin'ny fifidianana filoham-pirenena tamin'ny taona 2018. Fanapahan-kevitra sokajian'ny maro ho filam-boatsiary sy fanakorontanana saimbahoaka satria hoe amin' izao herinandro vitsivitsy mialoha ny hialan'ny Ing. Andry Rajoelina amin'ny toerana maha filoham-pirenena azy izao vao miroso sy mikofokofoka



Ny solombavambahoaka Razafitsiandraofa Jean Brunelle.

amin'izany fitoriana izany ireto mpanohitra any dilambato ireto. Na izany na tsy izany, isan'ny mbola mitana ny sain'ny mpanara-baovao sy ny mpanao politika, iray volana eo ho eo aty aorian' ny nivoahan'ny vaovao sy ny porofo nampahafantatra ny fananan'ny Filoha Malagasy ny zom-pirenena frantsay ny momba io raharaha io.

**Maro no tafintohina**

Tsy vitsy ny olom-pirenena no taitra sy gaga ary misy mihitsy aza no tafintohina amin'io resaka fizakan'Ing. Andry Rajoelina zom-pirenena hafa ankoatra ny maha Malagasy azy io noho izany sokajian'izy ireo ho fanohintohinana ny fiandrianam-pirenena. Manampy trotraka izany ny famoahan' ireo mpahay lalàna ny didy aman-dalàna manamarina ny fahaverezan'ny zompirenena malagasy ananan' ny filoha vokatr'io fizakany zom-pirenena frantsay io. Anisan'ny miverimberina amin'izany, ohatra ny andininy faha-42 amin'ny lalàna malagasy mikasika ny zompirenena. Itsy farany izay milaza fa very ny zon'ny olom-pirenena malagasy iray, feno taona mangataka zom-pirenena vahiny. Ao anatin'izany rehetra izany, efa nilaza ny Filohampirenena fa henony ireo teny sy hevitra rehetra navoaka ka manome fotoana ny Malagasy ny tenany rahampitso alahady ka andrasana ny heviny manodidina io resaka fizakana zom-pirenena frantsay io.

**Mamy R.**

Depiote Siteny Randrianasoloniaiko

## Hihaona amin'ny mpomba azy, eny Andoharanofotsy anio

Manatanteraka loa-bary andasy, eny Mandrimena, Andoharanofotsy, anio manomboka amin'ny 9 ora maraina ny "Mihava Tour Pro-Siteny", araka ny fampitam-baovao nataon'ny depiote Jean Jacques Rabenirina, mpandrindra nasiônalin'ny Mihava Tour Prositeny, nandritra ny valandresaka fohy tamin'ny mpanao gazety, teny Mahatony, omaly. Loa-bary an-dasy nambaran'io olom-boafidy io fa hanamafisana ny rafitra hifampifehezan'ny mpomba ny depiote Siteny, manerana ny Nosy ary hihaona mivantana amin'izy ireo ny kandidà ho filoham-pirenena Siteny Randrianasoloniaiko. Ankoatry ny olomanan-kaja nahazo fanasana manokana sy ny solombavambahoaka miara-dia amin'ny depiote Siteny Randrianasoloniaiko dia manana solontena, mandray anjara amin'io loabary an-dasy io ny mpanohana io kandida io manerana ny faritra sy ny distrika manerana an'i Madagasikara.

**V.R.**

Fametrahana "Pylones"

## Maro ireo lalana ho tapaka eto an-dRenivohitra

Mandroso ny asa fanatanterahana ny tetikasa Teleferika. Manoloana ny asa fametrahana ireo "Pylones" dia maro ireo lalana ho tapaka eto an-dRenivohitra, araka ny fampahafantarana nataon'ny fiadidiana ny tanànan'Antananarivo Renivohitra. Amin'ity anio sabotsy ity dia ho tapaka tanteraka manomboka amin'ny 1 ora tolak'andro ka hatramin'ny 6 ora hariva ny lalana manomboka eo amin'ny FIARO Ampefiloha ka hatreny amin'ny Carlton Anosy. Noho izany, ireo fiara avy any Andavamamba hihazo an'Anosy dia tsy maintsy mandray ny lalana mihazo ny LMA Ampefiloha. Hisy fanelingelenana koa ny lalana Rainizanabololona Antanimena manomboka ny 14 ka hatramin'ny 22 jolay, ny lalana "Boulevard de l'Europe" mivoaka an'Ankazomanga manomboka ny 26 jolay ka hatramin'ny 22 aogositra, ny lalana Ravoninahitriniarivo manolona ny "Materauto" eny Ankorondrano manomboka ny 16 ka hatramin'ny 31 aogositra, ny lalana manoloana ny "Galana" Ankorondrano manomboka ny 22 jolay ka hatramin'ny 31 aogositra, ary ny lalana ny TAF/Design Auto Ankorondrano manomboka ny 1 ka hatramin'ny 31 aogositra. Azo antoka fa hitohana ny fifamoivoizana amin'ireto lalana ireto.

**R. Muray**


**TOLOTRA MANOKANA Gazetiko**

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

Jesosy Mamonjy Ambositra

# Misy mikasa hanakatona ka efa vonona ny mpino rehetra

Mbola ao anatin'ny ady antrano sy korontana raha ny fiangonana Jesosy Mamonjy eto Mdagasikara amin'izao raha ny zava-misy isaparitany sy ny fampitambaovao voarainay. Amin' izao dia misy mikasa hanakatona ny fiangonana any Ambohibary Amabositra ao anatin'ny Faritra Amoron' i Mania ka efa vonona ny mpino rehetra. *"Izahay mpino eto Ambohibary eto Ambositra dia miray fo sy feo ary saina dia manohitra tanteraka ny fikasan'ny Pasitera Raymond sy ny mpiara-dia ary ny Solombavambahoaka iray amin'ny fanakatonana ny fiangoananay izay misy terisetra sy amboletra atao aminay. Tonga hatrany amin'ny hoe : na hisy rà mandriaka aza dia vonona izahay ny hiaro ny fiangonana hatramin'ny farany. Hiaro ny foto-pampianarana sy ny fahamarinana hatramin'ny farany ka tsy hihemotra na inona na inona zavatra hitranga"*, hoy ny solontenan'ny mpino tamin'ny mpanao gazety. Izao zava-misy izao dia tohin'ny zava-nitranga tetsy Ankorondrano izay foiben'ity fiangonana ity nandritra ny hetsika nanamarihana ny faha-60 taonan'ny Jesosy mamonjy dia nitohy tany Antsiranana ny fiandohan' ny volana jolay 2023 teo.

**Hanohitra**

Fantatra fa miray hina amin' ireo mpino ao Ambohibary Ambositra avokoa ireo mpino avy amin'ny Faritra Amoron'i Mania rehetra. Ankoatran'ny fikasana hanakatona ny fiangonana dia vonona ny hanohitra hatramin'ny farany koa ireo mpiara-mivavaka ny fikasana hanao herisetra amin' ny Pasiteran'ny fiangonana any an-toerana. *"Izahay mpino Jesosy manonjy rehetra eto Ambohibary ato amin'ny Faritra Amoron'i Mania, foibem-paritra Ambositra dia manohitra ireo fanjakazakana na amboletra, herisetra kotrehan'ny Pasitera Raymond sy ny namany izay mikasa ny hanakatona ny fiangonanay ary mikasa ny hanao herisetra amin'ny Pasitera Botomarina izay mpitandrina anay eto. Tsy eken'ny lalàna sy ny satan'ny fiangonana Jesosy mamonjy izany zavatra izany"*, hoy kosa ny solontenan'ny mpino hafa. Nomarihan'ireto farany fa ankoatra ny ataon'ny mpitandrina iray izay fototry ny olana sy fampizarazarana ny mpino dia misy Solombavambahoaka ny antompisian'ny savorovoro amin' izao fotoana izao, hoy ireo mpino ka tsy ekenay. Nilaza moa ny mpitandrina iray any an-toerana fa milamina ny zava-misy any Ambositra hatramin'izao ary ny mpino rehetra dia efa vonona sy miandry izay sanatria korontana hitranga.

**HAR**

Kaominina Tsianisiha

# Mitaky ny zony amin'ny fampandrosoana ireo vahoaka

Mahatsiaro ho adino eo amin'ny lafiny fampandrosoana ny kaominina Tsianisiha, distrikan'i Toliara II, faritra Atsimo Andrefana. Nanao antso avo amin'ny fanjakana ireo mponina manoloana ny fitotonganan'ny fari-piainan'izy ireo. Namafisin'i Frankel Ravahatrarivo, olobe ao amin'ny tanàna, ny faharatsian'ny voka-pambolena noho ny tsy fahampian'ny rano, ny fahafenoan'ny tombimpitsaboana, ary ny fisondrobidim-piainana mihoampampàna. Ny fanokafana ny tetikasa fitrandrahana fasimainty ao an-toerana no hitan'ireo vahoaka fa vahaolana haingana sy maharitra. Nandiso fanantenana azy ireo tanteraka ny fiatoan 'ireo tetikasa sôsialy efa natomboky ny tetikasa Base Toliara taorian'ny fepetra fampiatoana ny asany noraisin'ny fanjakana nanomboka tamin'ny taona 2019, indrindra fa ny fahatapahan'ny asa famindrana ireo fasana tafiditra ao anatin' ny fari-pitrandrahany, izay voalaza fa lasa misintona loza ho an'ireo mponina. *"Malahelo izahay manoloana ny fiatoan'ireo tetikasa sôsialy nataon'ny Base Toliara. Ny famerenana ity tetikasa ity dia tsy mijanona amin'ny famindrana na fanorenana fasana vaovao fa mbola misy tetikasa hafa toy ny fanorenana sekoly sy hopitaly eto Tsianisiha sy any Ankilimalininke. Mangataka ny fanesorana ny fepetra fampiatoana an'ny Base Toliara izahay mba hahafahan'ny distrika sy ny faritra misy anay manenjika ny fahatarana eo amin'ny lafiny fampandrosoana."*, hoy Roger Manahy, tompontany sy tompom-pasana ao anatin'ny faritra iasan'ny Base Toliara. Resy lahatra amin'ny fampandrosoana ara-toekarena hoentin'ity tetikasa ity koa ireo vahoaka toy ny fanomezana asa sy ny famoronana asa aterak' izany. Anisan'ireo tanora efa niasa tao anatin'ity tetikasa ity i Ruffin Tovondrainy, saingy lasa tsy an'asa noho ny fiatoan'ny tetikasa. Maro ireo tanora manam-pahaizana zanaky ny kaominina tsy an'asa. Nisy tamin'izy ireo no nisitraka ilay fiofanana nomen'ny Base Toliara tany Kenya, saingy tsy an'asa avokoa ankehitriny.

**R. Muray**

Naivo Raholdina

# "Olona vonona hanasoa ny firenena no tokony hirotsaka ho Filoham-pirenena"

"Olona vonona hanasoa ny firenena no tokony hirotsaka ho fidiana Filoham-pirenena fa tsy sanatria olona sahirana ka na ny caution 200 tapitrisa Ariary aza tsy ananany", hoy ny Depiote Naivo Raholdina. Sao, hoy izy mieritreritra ny hanankarena tampoka izy ireny rehefa lany ka hangalatra sy hangoron-karena fotsiny. *"Tsy ny facebook no afaka mitsara ny maha-Malagasy ny Filoha Andry Nirina Rajoelina satria tsy voararan'ny lalàna mifehy ny fifidianana ho an'ny kandidà mirotsaka ho fidiana ny manana zom-pirenena roa. Rehefa tsy nahomby izy ireo tany amin'ilay hoe : tsy mahazo mirotsaka ny Filoha fa vazaha mizaka ny zom-pirenena Frantsay, izay tsy voalaza ao anaty lalàmpanorenana. Araka ny voalaza ao dia rehefa mizaka ny zom-pirenena Malagasy dia mahazo mirotsaka ka aleo ny HCC no hitsara fa tsy ny tambajotran-tserasera. Ny resaka zom-pirenena izany dia ny HCC sy ny Ceni no mitsara sy tomponandraikitra an' izany fa tsy ny mpiady hevitra politika akory"*, hoy ny Solombavambahoaka Naivo Raholdina. Nambarany fa azo hitokisana avokoa ireo sampana rehetra misahana ny fifidianana amin'izao na ny Ceni na ny Praiminisitra, hoy hatrany ity Solombavambahoaka ity. Ny mpanohitra dia tsy hatoky mihitsy na atao aza hoe anjely no hikarakara ny fifidianana, satria ny tahotra dia ao amin'izy ireo. Rehefa hirotsaka ianao dia tokony matoky ny fitsipi-dalao izay misy eo, rehefa tsy matoky moa dia aleo tsy mandray anjara na miala", hoy hatrany ny Depiote Naivo Raholdina.

**Tsy handanim-potoana**

*"Aza mieritreritra mihitsy na iray segondra aza fa tsy hirotsaka izany Filoha Andry Rajoelina izany. Misy olona efa nigadra sy namono olona tamin'ny 07 febroary 2009 no mirotsaka dia vao mainka ve fa ny Filoham-pirenena amperin'asa, madio amin'ny lafiny rehetra. Ho antsika TGV dia izao : ahoana no hamitantsika amin'ny fifidianana andiany voalohany dia vita. Mba tsy handanim-potoana sy vola hahafahan'ny Filoha Andry Rajoelina manarina izay tsy mety ary manohy izay mety. Tsy kandidà hafa izany ny TGV afa-tsy ny Filoha Rajoelina ihany. Ady hevitra diso izany, resaka fandrebirebena ary tsy nahazo fankatoavana tany ho any fa ny mpitarika any dia mbola hirotsaka ary tsy misy mahasakana azy tsy hirotsaka"*, hoy ny Solombavambahoaka Naivo Raholdina, tamin'ny mpanao gazety. Nomarihany fa ny Fitsarana avo momba ny lalampanorenana ihany no afaka milaza farany ny fahafahan'ny Filoha ankehitriny mirotsaka ho fidiana tsia mahakasika ny resaka zom-pirenena izay niteraka resabe. Efa ao anatin'ny fidinana eny ifotony amin'ny fanomanana ny fifidianana moa ny ekipan'ny TGV fa tsy variana manao ady hevitra raha ny nambaran' ity Solombavambahoaka ity hatrany.

**HAR**

Mpianatra nahavita fianarana

# Misy fahabangana lehibe rehefa miatrika asa

*"Eo amin'ny tanora izay nahavita fianarana ambony na ireo nahavita fiofanana matihanina ihany koa dia hita fa misy fahabangana lehibe izy ireny rehefa miatrika ny asany. Na koa hoe misy elanelany be ary ilaina fizàrana lehibe amin'ny asa atao"*, hoy ny tompon'andraikitra iray eo anivon'ny Entreprendre à Madagascar na EAM. Ankoatran'ny fahabangan'ny tanora Malagasy ny asa mendrika dia ilaina sy zava-dehibe ny fametrahana rafitra mpanelanelana eo amin'ny tanora sy ny orinasa izay rafitra tsy mbola misy eto amintsika , raha ny fanazavana nomen'ny Sampandraharahan'ny firenena mikambana momba ny asa na ny OIT. *" Ny ilaina eto Madagasikara ahafahana mampihatra ireo paikady napetraka dia ny fametrahana rafitra iray manelanelana ka handrindra araka ny tokony ho izy ny tolotra sy ny tinady. Io rafitra io no tsy mbola misy eto Madagasikara izay anehoana an'ireo olan'ny tanora manaraka lalana mazava manomboka any amin'ny sekoly hatrany amin'ny toerana hiasany"*, hoy kosa Atoa Coffi Agossou, talen'ny OIT eto Madagasikara. Raha tiana hahafehy ny asa izay ataony ny tanora dia ilaina ihany koa ny fianaran'asa sy ny fampiharana mivantana ny asa atao izay ao anatin'ny lalàna mifehy ny asa izay efa eo andalam-panavaozana amin'izao fotoana izao, hoy ny Minisiteran'ny asa sy ny asampanjakana ary ny lalàna sosialy.

> *"Ilaina sy zava-dehibe ny fametrahana rafitra mpanelanelana"*

**Traikefa**

*"Raha sady mianatra no miasa dia fahaiza-manao ho an'ny tanora satria anjaran'ilay orinasa no miantoka an'ilay tanora iray izay asa iray ho feheziny ao anatin'ilay orinasa. Amin'izany dia ity farany no miantoka ny fianaran'io mpianatra io, sady mampahay asa an'io tanora io ary manao izay hanany traikefa hahafehy ny asa na any ivelany na eto an-toerana amin'ily karazan'asa ataon'io orinasa io ohatra. Tsy maintsy raisin'ilay orinasa io tanora izay nampiofaniny io amin'ny lalan'io fifanarahana sady mianatra no miasa io. Izany dia mbola karazana fifanarahana arak'asa tsy mbola fantatry tanora ao anatin'ny lalànan'ny asa"*, hoy Rtoa Hanitra Razakaboana, Sekretera Jeneralin'ny Minisiteran'ny asa sy ny asampanjakana ary ny lalàna sosialy. Ny tanjona dia ho fametrahana ny hisian'ny asa mendrika ho an'ny tanora eto Madagasikara.

**Heriniaina A.**

Mponina eny amin'ny lakandrano C3

# Ho vita amin'ny may 2024 ireo trano hamindrana azy ireo

Hiroso amin'ny fanadiovana ny lankandrano C3 ny tetikasa PRODUIR (Projet de Développement Urbain Intégré et de Résilience pour le grand Antananarivo). Efa niverina nanomboka tamin'ny 17 may lasa teo ny asa fanajariana ny toerana hamindrana ireo mponina manodidina ny lakandrano, izay voakasik'ity tetikasa ity, ka vinavinaina ho vita amin'ny volana may 2024 ny fananganana ireo fotodrafitrasa rehetra. Eny Andavamamba no misy ity toerana ity ary mivelatra amin'ny tany 6 700 m2. Hananganana tranobe 29 misy rihana miaraka amin'ny efitrano fonenana 87, izay natao handraisana ireo tokatrano 87 voakasika. *"Mizotra tsara ny fanatanterahana ny asa ary ao anatin'ny fanaraham-penitra tanteraka. Na izany aza, mila hafainganina mba hisorohana ny mety ho fatarana. Hiorina amin'ny volana oktobra ho avy izao ny trano hatao modely."*, hoy ny Minisitry ny fanajariana ny tany sy ny fananan-tany, Holder Ramaholimasy. Tonga nijery ny fizotry ny asa teny an-toerana ny Minisitra tamin'ny alakamisy lasa teo. Marihina fa mirefy 12 Km ny halavan'ny lakandrano C3, izay manomboka eny Anosibe sy mandalo an'Andavamamba, 67 Ha, Antohomadinika, Ankasina, Andraharao, ary mifarana eny Ambodimita. Hanamora ny fikorinan'ny rano, indrindra fa amin'ny fotoam-pahavaratra, ny asa fanadiovana hatao. Ankoatra ny toerampenenanana ho azon'ireo mponina voakasika, dia hisy koa ny fananganana fotodrafitrasa maro samihafa toy ny lalana, lalan'ny mpandeha an-tongotra, tetezana, toerampidiovana, toeram-panasana lamba, ary paompin-drano mba hanatsarana ny fari-piainan'ireto farany sy ny manodidina azy ireo. Mbola iantsorohan'ity tetikasa ity koa ny fanarenana ireo fefiloha simba tamin'ny fandalovan'ny rivodoza Batsirai sy Emnaty.

**R. Muray**

Bakalorea 2023

# Tsy ampy ny mpanara-maso, nantsoina ny mpiasam-panjakana sy ireo mpianatra



Hanomboka amin'ny alatsinainy 17 jolay ho avy izao ary maharitra 5 andro ny fanadinam-panjakana bakalorea manerana ny Nosy. Araka ny loharanombaovao azonay, tsy ampy 1 700 ny isan'ireo mpanaramaso fanadinana eto Antananarivo amin'izao roa andro mialoha ny fanadinana izao. Manao antso avo amin'ny lehiben'ny toerampampianarana ny Oniversiten'Antananarivo fa mba hisorohana ny sy fahampian'ny lehiben'ny foibempanadinana sy ireo mpanaramaso ny fanadinana amin'ny bakalorea, antsoina ny mpampianatra, mpianatra ary ny mpandraharaha vonona hanome tanana mba hanatona ny fitaleavana misahana ny fanadinana nasionaly. Milaza anefa ireo mpampianatra fa tsy azo terena hiasa hiantoka ny fanaraha-maso ny bakalorea ireo mpianatra manao tezy (doctorant) rehetra eny Ankatso eny. Nanao taratasy fampatsiahivana ny SECES eo anatrehan'izany fa ny asa sy ny anton-javatra momba ny fanomanana sy ny fiomanan'ireo mpianatra hanao tezy irery ihany no azo hanerena azy ireo satria izany no antony nanaovany Sonia tamin'ny fisoratany anarana ho mpianatra hanao tezy sy nandraisan'ny oniversite azy. Noho izany, tsy tokony hisy mpandraharaha na mpisam-panjakana afaka manery an'ireo izay tsy mazoto hanao asa tsy sitraky ny fony. Tsy tokony hisy fiantraikany amin'ny fianarana ataony ny fandraisany anjara na tsia amin' izany fanadinana izany noho izany.

Manomboka malaindaina mandray anjara amin'ny fanadinana bakalorea ny mpiasam-panjakana noho ny tsy fahazoana arapotoana ny tambin-karaman'izy ireo. Anisan'ny vahaolana nentina hiatrehana ny fanadinana amin'ny alatsinainy, araka ny loharanom-baovao azonay, nisy ny fanetsehana ireo mpiasam-panjakana eo anivon'ny oniversiten'Antananarivo sy ireo mpandraharaha na PAT. Nohetsehina ihany koa ireo mpiasan'ny minisiteran'ny fanabeazam-pirenena ka hatreto 800 no efa vonona. Efa zavatra fanao isan-taona ny fampiasana mpiasam-panjakana sy mpianatra toy izao ary tsy eto amintsika ihany fa hita manerana firenena maro. Efa nisy fanambarana nataon'ny minisiteran'ny fampianarana ambony sy fikarohana ara-tsiansa fa efa lasa any amin'ireo oniversite ny tambin-karama ho an'ny taona 2020-2021-2022 ary efa betsaka ireo mpampianatra nisitraka izany any amin'ny faritra.

**Mpiadina 215 630**

Tsiahivina fa nisy fitombony 12% ny tahan'ny fisoratana anarana tamin'ny bakalorea tamin'ity taona ity raha oharina tamin'ny 2022. Nisy 215 630 ireo nisoratra anarana ka zazalahy 10 taona, hiatrika ny sokajy A2 no zandriny indrindra ary lehilahy 68 taona hiatrika ny sokajy C kosa no zokiny indrindra amin'ireo mpiadina. Toy ny isan-taona, ny mpiadina hiatrika ny sokajy A2 no maro an'isa indrindra satria misy 127 846 izy ireo, misy 10 036 ho an'ny sokajy A1, 14 022 sokajy L, 1 840 ho an'ny sokajy C , 28 346 ho an'ny D, 13 151 ho an'ny S ary 9 426 ho an'ny sokajy OSE. Miaraka manomboka amin'ny alatsinainy ihany koa ny bakalorea teknika izay misy mpiadina 10 353 ho an'ny profesionnel ary 610 ho an'ny teknolojia. Antenain'ny rehetra mba hizotra am-pilaminana sy ampitoniana ny fanadinana na eo aza ny olana madinidinika miseho.

**Nath**

Oniversiten'i Fianarantsoa

# Noferana ho an'ireo mpianatra manana maripahaizana "frantsay" B2 ny fanaovana "soutenance"




Namoaka fanambarana ny Talen'ny sekoly ambony ENS ao Fianarantsoa Rabearisoa Andry Hariniaina fa tsy maintsy manana maripahaizana B2 raha kely indrindra amin'ny fahaizana teny frantsay ny mpianatra rehetra ao amin'ny ENS Fianarantsoa vao afaka manao soutenance na io Licence na Master. Ampiharina manomboka amin'ity taom-pianarana 2023 sy 2024 ity izany fepetra vaovao be izany. Hatreto ny Alliance Française no afaka manome io maripahaizana B2 na DALF sy DELF io eto amintsika. Iarahan'ny rehetra mahalala fa tena ambany dia ambany ny fahaizan'ny zaza Malagasy ny fitenimpirenena vahiny na io anglisy na frantsay. Antony maro no mahatonga izany ka anisan'ny ny tarazo hatrany amin'ny ambaratonga fototra satria na ireo mpampianatra aza hita fa tsy ampy fahalalana. Etsy ankilan'izany, manafangaro fiteny ny tanora Malagasy ka lasa tsy voafehiny intsony na ny Malagasy na ny fiteny frantsay. Anisan'ny sakana be tsy hahafahan'ny tanora Malagasy Malagasy mampitombo fahaizana fiteny vahiny ihany koa ny tsy famakiana boky. *"Rariny raha takiana ny fahaizan'ny mpianatra frantsay satria ny tontolon'ny asa mitaky izany avokoa. Mahalasa saina ihany koa anefa ny fahaizan'ny mpianatra ny fiteny frantsay mandritra ny fampahafantarana ny fikarohana nataony na "soutenance" satria na ny "le" sy ny "la" aza mbola mifangaro. Hatreto, mbola ny fiteny frantsay no ampiasaintsika aorian'ny Malagasy ka tokony ho voafehy tsara izy io."* hoy ity mpampianatra iray. Amin'ny bakalorea anefa mbola mipetraka ny safidy hahafahan'ny mpiadina manao ny laza adina tantara sy jeografia ohatra na amin'ny fiteny Malagasy na amin'ny fiteny frantsay. Ny olontsotra kosa mahita fa tokony hisy ny fiaraha-miasa amin' ireo sekoly manome fiofanana frantsay ka anisany ny "Alliance Française" mba ho takatry ny rehetra ny sarany ka afaka misitraka izany daholo ny mpianatra rehetra ary raha izay no misy na haparitaka manerana ny oniversite rehetra aza ny fepetra toy izao tsy misy ny olana.

**Nath**

Météo

## 9°C ny maripana ambany indrindra ato anatin'ny telo andro

Mbola mandrafitra ny mety ho toetry ny andro eto amintsika ny varatraza izay hita any amin'ny tapany atsinanan'ny Nosy izay mahazo vahana. Voalazan'ny sampana mpamantatra ny mety ho toetry ny andro fa hitoetra ny erika sy ny orana any amin'ny tapany atsinanan'ny nosy manomboka anio hatramin'ny alatsinainy maraina izao. Ho voakasik'izany ny any Sava hatrany amin'ny faritra Anosy iny. Mety hiakatra kely ny maripana eto afovoantany sy any atsimo atsinanana androany sabotsy. amin'ny alahady kosa, hitohy ny orana any atsinanana ary mbola manjaka ilay varatraza any avaratra atsinanana. Hisy ihany koa ny orana malefaka any atsinana ary arahina erika hatrany amin'ny faritra Sofia ny maraina be. Mandrahona malefaka any Melaky sy Menabe. Manodidina ny 9°C kosa ny maripana ambany indrindra any amin'ny faritra Vakinankaratra ary 35°C ny maripana ambony indrindra any Boeny. Mila miomana foana ny rehetra indrindra izay manana olona marefo, be antitra sy ankizy kely indrindra amin'ny akanjo mafana. Marobe mantsy ny aretina mipoitra, indrindra ny aretin'ny taovam-pisefona amin'izao vanimpotoanan'ny ririnina izao kanefa tena sarotra sy lafo ny fitsaboana azy. Koa aleo misoroka toy izay mitsabo, mitafy lamba mafana, misotro zavatra mamy ary mijanona ao antrano arak'izay tratra rehefa hita fa marefo.

**Nath**

Oniversitem-panjakana

## "Simba ny fampianarana ambony eto amintsika", hoy ny mpampianatra mpikaroka iray

Efa nandritra ny taona maro dia nahenoana hatrany grevin'ny mpianatra, ny mpampianatra mpikaroka ary ny mpandraharaha eny amin'ny Oniversite ary koa ireo mpiasa rehetra eny anivon'ny Minisiteran'ny fampianarana ambony teto amintsika. *"Minisitra maro no niezaka namaha an'izany olana izany saingy ny amin'izao fotoana izao kosa dia efa lasa lavitra loatra izany. Simba ny fampianarana ambony eto amintsika noho ny olana marobe misy eny anivon'ny Oniversitem-panjakana. Raha atomboko aminay mpampianatra eny Ambohitsaina dia nisy vary mangatsiaka hatrany ny tambin-karama sy ny ora fanampiny fa tsy mbola nisy taompianarana ka vitan'ny fitondram-panjakana izay nitondra teo izany. Ho an'ny mpandraharaha koa dia mbola misy hatrany ny karama tara fandoavana na olana misy ho an'ireo efa nisotro ronono. Ho an'ireo mpianatra indray dia isan'ny fototra tsy mampilamin-tsaina azy ireo ny fisian'ny grevy noho ny fahataran'ny vatsimpianarana, na ny fisamborana izay mpitarika ny hetsiky ny mpianatra. Amin'ny ankapobeny raha fehezina dia simba ny tontolon'ny fampianarana ambony noho ny zava-misy misampantsampana maro izay misy ifandraisany amin'ny fianarana"*, hoy ity mpampianatra mpikaroka ity taminay.

> *Nisy vary mangatsiaka hatrany ny tambin-karama sy ny ora fanampiny''*

**Tohy vakana**

Raha ny zava-misy tamin'ity herinandro ity aza moa dia nanao tohy vakana ny fanambaran'ny Seces sampana Antananarivo sy ny SYNDPERS na ny Sendikàn'ny mpiasa eo anivon'ny Minisiteran'ny fampianarana ambony izay samy manamafy ny tokony hanesoran'ny Filoham-pirenena ny Minisitry ny fampianarana ambony. Ny Seces koa dia efa nilaza tamin'ny volana mey teo fa " tsy fanaovana fanandramana eo amin'ny digitalisation tsy voafehy ny mpianatry ny Onversiten'Antananarivo. Koa dia aoka tsy hiseho masoandro intsony ny zava-niseho sy fampijaliana ary ny fanambaniana mpianatra toy ny teo aloha, ity resak' ity moa dia efa nangingina amin'izao". Amin'izao indray dia mikatso tanteraka ny tontolon'ny fampianarana eny Ankatso noho ny fitokonana ataon'ny SECES sampana Antananarivo izay mety hiafara amin'ny fitokonana tsy hisy fifarany raha tsy misy vahaolana mahafapo ny mpampianatra mpikaroka sy mpikaroka mpampianatra ato ho ato.

**Heriniaina A.**

Vaovao mahaliana ve ? Gazetiko vakiana e !

Basket - Tompondaka Nasionaly U-14L-V

# Miara-miasa amin'ny Bianco sy ny MEN amin'ny ady fangalaran-taona ny Ligin'Analamanga

*Ialana amin'ny fifanomezan-tsiny, ajanony ny fangalaran-taona dieny izao, hoy ny mpikarakara.*

Hanomboka anio hatramin' ny 23 jolay etsy amin'ny kianja Barea, ny fiadiana ny tompondaka Nasionaly, ho an'ny latsaky ny 14 taona lahy sy vavy, taranja Basketball. Efa mipetrapetraka avokoa ny zava-drehetra, efa vonona ny ligin'Analamanga mpampiantrano ny fifaninanana sy ireo kianja 6 hilalaovana eo amin'ny Barea. Nambaran'ny filohany, Andriatsima Hery, fa *"isan'ny ezaka ataon'ny ligy ny ady amin'ny fangalarantaona, izay tena manimba", "mamita-tena ny pilalao, mamitaka ny namany sy ny tontolon'ny basket-ball rehetra mihitsy ary tena poizina", "ialana amin'izany, nangataka fiaraha-miasa amin'ny Bianco sy ny Minisiteran'ny fanabeazam-pirenena izahay"*, hoy hatrany ity filohan'ny ligin' Analamanga ity, satria dia misy kolikoly ao, hahazoana kopia sandoka. Ankoatra izay, miara-misahalahy sy mifarimbona amin'ny mpikarakara ity fifaninanana ity ireo mpitsabo vitsivitsy satria tsy maintsy misy ny "visite" ataon'ny mpilalao rehetra mialoha ny fifaninanana. Mampitandrina sahady moa ingahy Andriatsima Hery, fa ho hentitra amin'ny fanaraha-maso izy ireo, tsisy fijerena tavan' olona, fa izay tratra dia tsy maintsy iaran'ny sazy, na ny mpilalao, klioba sy ny - ary ny Ray aman-dReny. Ligimparitra 17 no nahatonga solontena amin'ity, ahitana klioba 80. Miantso ny rehetra ho tonga eny an-toerana ny Ligin' Analamanga, mba hanaja ny fahadiovana sy ireo fitaovana iombonana, mba hitohizan'ny fahazoana ity fotodrafitrasa ity amin'ny manaraka. 2000ar avokoa ny vidim-pidirana sy ny saran'ny parking.



Efa vonona tanteraka handray ny fifaninanam-pirenena ity fotodrafitrasa ity.

**Rabenaivo**

Kitra - " Orange Pro-League "

# Mety hatambatra anaty vondrona tokana ireo klioba rehetra !

Nikatona tamin'ny faran'ny herinandro lasa teo iny, ny fifaninanana "Orange Pro League 2022-2023", taranja baolina kitra. Ny Fosa Juniors avy any Boeny no nandrombaka ny anaram-boninahitra tamin'izany. Betsaka ny tara, tao ihany koa anefa ny lesoka, izay ezahana hitondrana fanatsarana amin'ny manaraka. Mahakasika izay, anisan'ny mety ho fiovana ny fanambarana anatin'ny vondrona tokana ireo ekipa 16 mandray anjara, raha ny nambaran' ny filohan'ny CFEM, Rakotoarimanana Henintsoa. Mbola hierana amin'ireo mpikambana rehetra anefa izany vao ampiharina raha mahazo ny fankatoavana. Hifandimby hifandona avokoa izy rehetra ireo, ka natao lalao mandroso ihany. Ankoatra izay, hiankina amin'ireo klioba ihany koa ny fanapahana, na tazomina ihany ny « play-off » na izay ekipa mahazo ny laharana voalohany tany amin'ny lalaom-bondrona no ambara ho tompondaka. Nohamafisin'i Tôta, fa ny vola no olan'ny klioba, ka aleo aloha izay mety amintsika no hatao. Mikasa ny hanombohana mialoha ny fifaninanana OPL ihany koa ny ekipany amin'izao ary vitaina aloha be, hahafahan'ny klioba manomana ny fifaninanana afrikanina no antony. Nohafisin'ity filohan' ny CFEM ity, fa sarotra io mandeha mivoaka any ivelany io, variana amin'ny fitadiavam-bola ilay klioba, hany ka lasa kitoatoa ny fiatrehana ilay fifaninanana. Mahakasika iny taompilalaovana lasa teo iny kosa, nilaza i Tôta, *« herintaona nitantanana ny tenany, tany ampiandohana somary sadaikatra ihany, tsy mbola mahavelontena ny baolina kitra eto », « ny CFEM no niantoka ny fandaniana rehetra, fa an'ny klioba ny vola niditra tamin' ny lalao», «tsy maintsy niezaka nitady mpanohana, toa ny Orange, startimes sns.., izay hitondrany fisaorana». Na teo aza izany , nahatsapa ity filoha ity fa mbola betsaka ny lesoka mila fanatsarana na eny anivon'ny mpitantana ny CFEM izany na ny klioba», «sarotra ny fandehanana miatrika lalao», «isika anefa nanapaka ny hiditra amin'ny elite», tsy mora ny tonga dia mametraka ilay izy», «manaraka ny zava-misy, hiakarana tsikelikely amin'izany sehatra izany», «ireny no arenina amin'ny taona hoavy».* Lalao miisa 121 tamin'ny 126 tokony natao no vita. Baolina 286 no tafiditra, kianja 12 no nandray ireo lalao rehetra ireo.



Hanatsarana ny kalitaon'ny fifaninanana no hanambarana anatin'ny vondrona iray ny mpifaninana rehetra.

**Rabenaivo**

Rugby - TOP 12

# "Alainay ny amboara", hoy i Didi filohan'ny TFA

Toy ny klioba rehetra mpifaninana, mieritreritra ny handrombaka ny anarambonainahitra amin'ny fifaninanana «TOP12», ny ekipan' ny Tanora Fanantenana Anatihazo, eo amin'ny taranja Rugby. Nambaran' ny filohany, Andrianantenaina Hery Christian fantatra amin'ny hoe Didi, fa lesoka kely fotsiny no nahararaka azy ireo teo amin'ny fiadiana ny « XXL TOP 20 » teo, ka hiezaka hanatsara ny klioba amin'ny lafin'ny rehetra izy ireo amin'ny taom-pilalaovana manaraka. Anisan'izany ny fanamafisana ny mpilalao eo amin'ny « demi », izay nisy lesoka satria mbola tanora loatra.Haverina ihany koa ny fomba filalao mampiavaka ny Pilokely, izay manafaingana ny lalao, hoy hatrany i Didi. Tsiahivina, hiova « TOP12 » ny fifaninanam-pirenena amin' ny taom-pilalaovana manaraka eo, miandrandra fiovana amin'ny fitantanana sy ny fikarakarana ny fifaninanana ity filohan'ny TFA ity, izay araka ny nambara tany am-boalohany dia hiroso any amin'ny sehatra matihanina. Ho afaka hivelona sy hiaina tsara ireo klioba raha tanteraka izany, hoy i Didi, izay nampanantena fa ho tonga ho azy ny karazana fampisehoana mahafinaritra ataon'ny mpilalao sy ny klioba, ary vao maika hiroborobo sy handroso ity taranja ity, izay efa hitan'ny any ivelany ny fivoarany.

**Rabenaivo**

Kitra - Mondial 2026

# "Mety amintsika io vondrona io", hoy i Tôta



**Azon'ny Barea dinganina ireto mpifanandrina aminy ireto, raha ny nambaran'ny filohan'ny CFEM.**

Efa nampahafantarina omaly, ao amin'ny vondrona « I » no misy ny Barean'i Madagasikara, mandritra ny fifanitsanana hiakarana amin'ny « Mondial 2026 », taranja baolina kitra. Anisan'ny naneho hevitra mahakasika iny antsapaka iny ny filohan'ny CFEM, Rakotoarimanana Henintsoa, izay sady mpilalao baolina ihany koa. Aminy, *« mety io, efa fantampatatra avy ireo, tsy mitovy amin'i Maorisy sy Seychelles, izay nahazo mpifanandrina maozatra »*. Nohamafisiny *« azo atao tsara io, efa manana mpilalao tanora rahateo isika ka tsy tokony hanana olana amin'izany intsony izay mpanazatra eo »*. Mahakasika ity farany, nilaza i Tôta fa *« raha ny hevitro saingy tsy izaho no mpanapaka eo anivon'ny FMF, dia aleo aloha hojerena ny fitondran'i Rôrô amin'ilay fihaonana amin'ny Angola », « alefa miofana any ivelany izy avy eo, hahafahany maka traikefa », « ankoatra azy, ampiana mpanazatra 5 na 10 amin'ireo manana licence A alefa miofana any », « aleo zaraina amin'ny mpilalao sy mpanazatra Malagasy eo ny karama be omena ireo mpanazatra vahiny ireny »*. Mahatsapa ity mpitantana ny CFEM ity, fa mahay isika fa tsy ampy ny vola omena ny mpanazatra sy ny mpilalao, izay tokony hananany ilay filaminan-tsaina. Amin'i Tôta dia vazaha hampiofana no tokony alaintsika eto.

**Rabenaivo**

Tenisy ambony latabatra - JIOI 2023

# Fantatra ireo handrafitra ny ekipam-pirenena



**Izy 7 mianadahy avy eto an-toerana, handrafitra ny ekipam-pirenena.**

Efa nivoaka ny anaran'ireo mpilalao handrafitra ny ekipampirenena Malagasy, hiatrika ny Lalaon'ny Nosy 2023, ho an'ny taranja Tenisy ambony latabatra. Taorian'ny lalao fifantenana natao tetsy amin'ny Lapan'ny Fanatanjahantena Mahamasina, tamin'ity herinandro ity no nahafantarana izany. Marihana, mpila ravinahitra 5 mianadahy (3lahy sy 2 vavy) no hanampy azy ireto amin'izany. Ireto avy ireo mpilalao vehivavy avy eto an-toerana, ahitana an'i Dimbiniarilanitra Christiane Harena avy amin'ny klioban'ny Accacia Antananarivo, Rakotondrazaka Oceane JST Toamasina, Rasoanirainy Fitia ary Raharijaona Santatriniaina. Ho an'ny sokajy Lehilahy indray dia ahitana an-dRazafindralambo Zo Nandrianina avy amin'ny klioban'ny Jovena avy eto Antananarivo, Luciano Danielson avy amin'ny klioban'ny Accacia Antananarivo ary Rakotoarisoa Mamy Riva avy ao amin'ny klioban'ny Accacia Antananarivo. Hanomboka tsy ho ela ny fampivondronana ho azy ireto, raha ny nambaran'ny filohan'ny federasiona, Jean Herley Ambinintsoarivelo.

**Rabenaivo**

# Teny rehetra teny



Nisongadina tamin'ny fanamarihana ny fetim-pirenena Frantsay omaly ny lahateny nataon'Atoa Ambasadaoro.



Nisolotena ny fitondrana malagasy teny an-toerana ireo lehibena andrimpanjakana sy minisitra isan-tsokajiny



Tonga teny an-toerana ny Filoha teo aloha Hery Rajaonarimampianina.



Tao anatin'ny hafaliana no niarahabany ireo manamboninahitry ny tafika.



Tazana teny an-toerana koa ny Filoha teo aloha Marc Ravalomanana.



Mpanao politika tonga namaly ny fanasana ihany koa ny solombavambahoaka Siteny Andrianasoloniaiko.



Nisy ny dinidinika fony niarahany tamin'ireo mpanao politika hafa.



Efa vonona ny kianja etsy amin'ny Barea, handray ny fiadiana ny tompondaka nasionaly, ho an'ny latsaky ny 14 taona zazalahy sy zazavavy eo amin'ny taranja Basket-ball.

## Sarisary zary tenany

*Misy inona ?*




## Hatsikana an-tsary

*Tsy nampiasaina*




## Masoandro miposaka

**Isaia 44 : 3-4**

Fa handatsaka rano amin'izay mangetaheta Aho, ary riaka ho amin'izay tany karankaina; Eny, handatsaka ny Fanahiko amin'ny taranakao Aho, ary ny fitahiako ho amin'ny terakao; Dia haniry eny amin'ny ahitra tahaka ny hazomalahelo eny anilan'ny rano mandeha ireny.

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




## Ohabolana



**Aza mandady miara-komana, hoatra ny mpiandry ratsy.**

Ne vous accroupissez pas pour manger ensemble comme une troupe de bandits.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana **2997**


| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | | | | | 1 | |
| | | 6 | 9 | | | | | |
| | | | 8 | | 3 | | | 7 |
| | | 9 | | | | | 4 | |
| 7 | | | | | | 6 | | 8 |
| | 3 | | | | 2 | | | 1 |
| | 2 | | 4 | | | | | |
| | | | | 1 | | | 9 | 2 |
| | 6 | | 5 | | | 4 | | |

Valin'ny laharana **2997**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 3 | 4 | 1 | 6 | 2 | 5 | 8 | 7 | 9 |
| 9 | 5 | 2 | 8 | 7 | 1 | 4 | 6 | 3 |
| 8 | 7 | 6 | 3 | 4 | 9 | 2 | 1 | 5 |
| 1 | 3 | 8 | 2 | 9 | 6 | 7 | 5 | 4 |
| 4 | 9 | 5 | 7 | 1 | 3 | 6 | 8 | 2 |
| 2 | 6 | 7 | 4 | 5 | 8 | 9 | 3 | 1 |
| 7 | 1 | 3 | 9 | 8 | 4 | 5 | 2 | 6 |
| 5 | 8 | 4 | 1 | 6 | 2 | 3 | 9 | 7 |
| 6 | 2 | 9 | 5 | 3 | 7 | 1 | 4 | 8 |

# Ho anao ramatoa

## Ny fikarakarana volo fotsy



**Aleo misafidy akora natoraly foana rehefa andoko volo.**

Noho ny rarintsaina, ireo karazana olana sedraina amin'ny andavanandro, ary indrindra noho ny fiainana sarotra, hita fa mihatanora ny olona lasa fotsy volo hita eny amin'ny fiarahamonina eny. Mian-dahy amam-bavy izany ary arakaraky ny fitombon'ny taona no mampitombo ny volo fotsy. Raha olona lehibe, nambara fa voninahitra ny fananana volo fotsy fa ireo tanora kosa dia betsaka ireo mitady vahaolana hialana amin'izany. Natao ho azy ireo indrindra ity ho anao ramatoa anio ity.

Ny fandokoana volo no vahaolana tokana azo atao hiatrehana izany. Maro karazana ireo fikafika natoraly saingy ny ankamaroan'izy ireny tsy mateza fa vetivety dia miala. Maro kazarazana ireo karazana fandokoam-bolo hita eto Madagasikara. Anisan'ny be mpampiasa anefa ireo vokatra vita avy amin'ny zava-maniry. Maro karazana ihany koa ireo amidy eny an-tsena eny fa tokony mandany fotoana mijery ny fonony mba tsy ho tratran'ireo lokom-bolo misy akora simika. Niezaka nanontany olona izahay fa anisan'ny be mpisafidy indrindra ny black rose izay vita avy amin'ny vovoka zavamaniry antsoina hoe « henné ». Betsaka eto amintsika ity « henné » ity indrindra ireo any amin'ny faritra mora ahitana izany zavamaniry izany. Ampiarahana amin'ny zavamaniry hafa ity henné ity dia mahazo ny loko tiana, anisan'izany ohatra ny « betterave » na tain-kafe sy ny maro hafa. Mety hivoaka loko tsy ampoizina anefa ka tsy ho afa-po. Azo antoka indrindra ny fampiasana black rose izay efa misy karazan-doko tadiavina, indrindra ny mainty ho an'ireo manana volo fotsy. Rehefa mandoko volo ihany koa, tokony tsy hampiasa rano raha tiana hateza ilay loko fa atody no ampiarahana aminy. Sady malefaka no mangirana ary mainty tsara ny volo tratran'ireo akora roa ireo. Mety ampiasain'ny lehilahy na vehivavy maniry andoko volo mainty ary arahina savony voatokana ho any volo miloko izany rehetra izany.

Nath

**Gazetiko**

Novokarina sy natontan'i MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola Ar 37 452 000

**Tale jeneraly :** Jeremy RABESAHALA

**Talen'ny Fanoratana :** Lucien RAHARISON 034 34 697 06

**Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :** Herivonjy RAJAONAH 034 34 697 10

**Birao sy fandraharahana :** Lalana Ravoninahitriniarivo B.P. 1414 - Antananarivo

**Tél :** 22 697 79 / 22 697 80

**Fax.** 22 273 51

e-mail : midigazetikom@gmail.com

**D.L.I :** 16 180 - 07 - 23

Isan'ny natonta : 25 000

## Nahandro

### Gâteau vomanga

**Zavatra ilaina :** vomanga 1kg, atody 3, fromazy 100g, lafarina 2 sotro, ronono 10 sotro, dobera.

**Fikarakarana azy :** Andrahoina ho masaka ny vomanga dia voasana ary potsehina. Afangaro anaty lovia jobo miaraka amin'ny lafarina sy fromage malemy. Alefa ao ihany koa ny atody voakapoka ary arotsaka tsikelikely ny ronono na rano dia afangaro tsara izy rehetra. Hosorana dobera ny lasitra dia arotsaka ny fangaro. Pasohana tsara ny ambony dia hosorana dobera indray. Alefa anaty lafaoro ka rehefa mahazo loko dia rarahana chapelure kely eo amboniny. Rehefa mahazo loko tsara dia esorina. Avela hangatsiaka dia afaka aroso avy hatrany.

## MANAMPY ANAO

**Permanences 15 au 21 juillet 2023**

PHARMACIE DE GARDE

ANTANANARIVO 24H/24H et 7j/7

- ANKAZOMANGA - 020 23 302 68/032 12 714 17
- MAEVASOA - Castello Anosizato - 034 39 186 69
- ANKAZOTOKANA - Ambanidia - 020 22 354 42
- RAZAFIMANDRANTO - Analakely - 020 22 234 04
- FANOMEZANTSOA - Ambondrona - 020 22 286 85

PÉRIPHÉRIE d'ANTANANARIVO 24H/24H et 7j/7

Andoharanofotsy - 032 05 479 84 / 034 20 479 84
Grazia - Itaosy- 034 67 733 62
Anosizato - 020 22 631 43
Ambohibao - 020 22 482 64
Avaradrano - Analamahitsy- 020 22 423 65
Amboditsiry - 020 22 528 21 - 033 01 551 31 - 034 36 580 94
Soleil - Andrononobe - 034 20 356 51
Hasin'ny Aina - Mandroseza- 034 99 776 21
Ivato - 020 22 442 95
Ambohidratrimo - 034 29 358 45
Jade - près Horizon Ivato - 034 87 340 94
Sabotsy Namehana - 034 88 001 03
Amboara - Anosiala - 034 52 610 64
Ambohimahitsy - 034 33 304 17 / 034 95 882 30
Ambohimangakely - 034 25 372 52
Fenoarivo - Fenoarivo Alakamisy- 034 33 161 75
Fitiavana - Ankadikely - 020 22 436 33
Amoronakona By Pass - 034 36 115 15
Palais - Mandrimena Iavoloha - 032 42 713 67
Ankadindratombo - 032 82 588 02/034 02 588 02
By Pass Alasora - 032 12 525 25 / 034 98 525 25
Abondance - Ifarihy Ankaraobato - 034 75 214 36
S Namehana - Sabotsy Namehana - 034 81 689 47
Mitondrasoa - Fenoarivo - 034 01 707 07
Bongatsara - Bongatsara Iavoloha - 034 07 742 23
La Colombe - Itaosy - 034 60 396 61 / 033 64 280 42
Soa Ny Aina -Tsarahonenana - 034 31 018 20
MA Pharmacie - Ambohijanaka - 032 11 102 11
Ankaraobato en face CSBII - 034 64 330 62

A.M.I.T.

BEHORIRIKA TEL 22 303 83 / 22 383 52
ANTANIMENA TEL 22 303 86
TALATAMATY TEL 22 588 51
ANKADIMBAHOAKA TEL 24 819 81

AMBULANCE

- SERVICE DES URGENCES MPITSABO MIKAMBANA TEL : 0349023555 / 0334823555
- AMBULANCE MUNICIPALE TEL 22 200 40 / 033 65 333 22 / 033 65 444 22 / 033 65 555 22
- AMBULANCE POLYCLINIQUE D'ILAFY 24/24 TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73
- MEVA MEDICALE SERVICE TEL 033 11 195 33 / 032 04 922 69
- CDU (Centre de diagnostique et d'urgence médical) TEL 22 329 56/ 032 07 822 28/ 033 11 822 28
- AMBULANCE CLINIQUE DE TANJOMBATO TEL 033 11 313 85
- MATERNITE MARIES STOPES AVADOHA TEL 22 418 36 / 032 07 418 36 / 033 11 094 11
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL - 22 200 32 / 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60
- AMBULANCE ET URGENCE CRTM-OI - 034 01 015 55 / 032 07 255 52

HOPITAUX ET CLINIQUES

- CLINIQUE MPITSABO MIKAMBANA 24/24 ROUTE DE L'UNIVERSITE AMPASANIMALO TEL : 034 90 235 55 / 033 48 235 55
- CLINIQUE REINE MARIE- 4 RUE JOSEPH RAMANANDRAIBE - IMMEUBLE RALISON -ANTANIMENA - OUVERTURE 24h/24 Tél. : 034 20 239 72
- CENTRE HOSPITALIER DE SOAVINANDRIANA (HOMI) EX-GIRARD ET ROBIC TEL 23 397 51
- HOPITAL JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA (HJRA) TEL 033 11 890 58 / 22 279 79
- HOPITAL JOSEPH RASETA BEFELATANANA TEL 22 223 84
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE IMAHO

Andapa

# Tovovavy maromaro voasoloky sady very vola

Rangahy iray avy ao Andohanakoho Andapa no nisoloky tovovavy maromaro. Nilaza izy ireo fa mahavita mandefa olona hiasa any amin'ny nosy Maorisy. Mahay miresaka sy mandresy lahatra tokoa ilay rangahy ka maro ireo tovovavy roboka, satria mba te handeha ho any andafy sy handray izany vola vahiny. Nitakian'ilay rangahy lelavola mitentina efatra hetsy sy roa tapitrisa Ariary avy anefa ireo tovovavy, hoe saran'ny fandefasana azy ireo hiasa. Nanoloana izany dia samy niezaka nitady vola avokoa ireo tovovavy. Noho ny fahasahiranana anefa dia maro ireo tovovavy no nilaza fa tsy mahafeno ny vola tadiavina fa izay misy aloha no omena. Ilay rangahy koa tetsy andaniny tsy nandà fa nanaiky avy hatrany rehefa mandrotsaka vola. Ny ambiny manaraka eny ihany, hoy izy. Rehefa azon'ilay rangahy anefa ny vola dia tsy hita ny nanjavonany. Teo vao tonga saina ireo tovovavy fa voasoloky sady very vola. Vao mainka niampy indray ny fahasahiranana.

R.C

## TELEVIZIONA

MA TV MADAGASCAR

**SAMEDI 15 JUILLET 2023**

06.00 : Oran'ny fanantenana
06.35 : Salama va
08.00 : Mahandro ®
08.45 : Dessins animés
09.15 : Film Romantique
11.00 : FAM
12.00 : Météo
12.05 : A Votre Santé
13.30 : Série ®
14.00 : Film Jeunesse
15.45 : Ny Vehivavy
16.30 : Ny hery tsy mahaleo ny Fanahy
17.30 : Full Music
18.00 : Chine Afrique : destins partagés
18.15 : Fandaharana manokana
18.50 : M/car à l'heure du conservatoire
19.00 : Les infos de Ma-TV
19.30 : Ny Vaovaon'ny Ma-TV
20.15 : Ankarihary
21.00 : Film Action
23.00 : Journal International
23.45 : Film Frisson
02.00 : Documentaire
03.30 : Film Dramatique
05.00 : Rhefi

**DIMANCHE 16 JUILLET 2023**

06.00 : Amboarampamonjena
07.00 : Les oliviers/SEDERA
07.25 : Feon'ny Pentekosta
08.00 : Kristy mandamina
08.35 : Oran'ny fanantenana
09.00 : Rhefi
09.45 : FJKM
10.45 : FAM ®
12.00 : METEO
12.05 : Vaovao antsira
12.30 : SPECIAL LIVE
13.30 : Série ®
14.15 : Tsy Takona Afenina
15.20 : Film Romantique
17.30 : Ao anatin'ny rano no misy ny hery
18.00 : Fandaharana manokana
18.45 : M/car à l'heure du conservatoire
19.30 : Mahery
20.30 : Film Dramatique
23.00 : JOURNAL INTERNATIONAL
23.45 : Film Action
01.30 : Magazine
03.00 : Film Aventure
04.45 : Mahafinaritra
05.30 : Rhefi
06.00 : Oran'ny fanantenana

TV PLUS

**SAMEDI 15 JUILLET 2023**

04.25 : JINGLE
04.30 : STAND OUT
05.00 : ABC
05.15 : MAXI PROMO
05.27 : VAOVAO ®
06.30 : DONDRESAKA ®
08.00 : SAROBIDY NY FAHASALAMANA ®
08.15 : SERIE MANGA ®
08.40 : SERIE MANGA ®
10.40 : MIANDRY VAZO
12.00 : EDITION SPECIALE
12.10 : France 24
12.20 : ABC ATOANDRO
12.25 : Petites Annonces
12.30 : Coulisses On Tv ®
13.30 : FILM ANIMATION
15.00 : EDITION SPECIALE
15.30 : RECREATION ®
16.00 : PASY GASY ®
17.00 : SERIE
17.25 : ABC
17.30 : MOZIKA METALY
18.00 : TITRE
18.02 : TSIKONINA
18.30 : JOURNAL
18.50 : Ankafizo
19.30 : VAOVAO
20.30 : NY ATY AMINAY
21.00 : SERIE
22.00 : VAOVAO ®
23.00 : SERIE ®
00.00 : JOURNAL ®
00.15 : CLAP BOARD ®
01.15 : FRANCE 24

## TELEFAONINA ILAINA

ANALAMAHITSY TEL 034 01 651 99 / 033 03 875 61 / 032 04 680 06
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICAL ST PAUL AMBATOROKA TEL 22 271 47
- MEDICAL SERVICE CLINIQUE MEDICO-DENTAIRE LOT IVR 20 ANTANIMENA (24/24) TEL 22 641 93
- CROIX BLEU DE MADAGASCAR SIEGE ANTANINANDRO - PROBLEME D'ALCOOLISME ET DE TOXICOMANIE TEL/FAX 22 324 59 / 22 634 62 / 033 11 442 77 / 032 07 545 30
- MARIE STOPES INTERNATIONAL MATERNITE CLINIQUE LOT II P 136 BIS AVARADOHA TEL 22 418 36 / 033 11 084 11
- CLINIQUE ET MATERNITE ST FRANCOIS ANKADIFOTSY - TEL 22 235 54
- POLYCLINIQUE D'ILAFY AMBOHITRARAHABA (24/24) TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73 / 033 11 073 91 / 032 07 243 28 / FAX 22 425 64
- TOBIM-PITSABOANA LOTERANA AMBOHIBAO (HOPITAL LUTHERIENNE) TEL 22 441 88 / 22 485 17 (24/24)
- CENTRE DE SANTE BEHORIRIKA TEL 22 641 28 / 22 603 63 / 033 11 458 48 / 032 07 409 38
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE DE TANJOMBATO - LOT III A 42 - TEL 22 571 94/ 033 11 058 00
- PAVILLON SAINTE FLEUR CENTRE HOSPITALIER UNIVERSITAIRE JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA AMPEFILOHA - TEL 22 661 04 / 22 663 93 FAX 22 660 82
- CENTRE DE SANTE SAINT MICHEL ANDRAVOAHANGY TEL 033 16 028 62
- CARREFOUR MEDICAL AMPARIBE (Médecine générale) LOT VH 39 BIS TEL 22 651 59 (7j/7 - 24h/24)
- CENTRE MEDICAL AMBATOMENA (IMMEUBLE SICAM ANALAKELY) TEL : 22 211 70
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) - TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CENTRE MEDICAL COLISEUM TEL 034 03 847 39 - 032 99 286 69 (7/7 - 24H/24)

ESPACE MEDICAL / SOS Médecins

- AMBODIVONA TEL 22 625 66/ 034 02 088 16/ 034 02 00 911

CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL

- IMMEUBLE OSTIE ANOSIBE 1er ETAGE TEL 22 200 32/ 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60

AROVY CLINIC

ATRIUM ANKORONDRANO
Urgences : 032 23 217 17 (24/24 - 7/7)

POMPIERS

- TSARALALANA TEL 18 / 118 (Airtel) / 22 390 30 / 033 15 500 86
- AMBOHIMANARINA TEL 033 15 501 76

POLICE SECOURS - GIR

- TEL 22 357 09 / 22 357 10 / 117

COMMISSARIATS

- 1er ARRONDISSEMENT ANALAKELY TEL 22 280 54
- 2e ARRONDISSEMENT AMBOHIJATOVO TEL 22 309 46
- 3e ARRONDISSEMENT ANTANINANDRO TEL 22 291 30
- 4e ARRONDISSEMENT ISOTRY TEL 22 280 51
- 5e ARRONDISSEMENT MAHAMASINA TEL 22 280 48
- 6e ARRONDISSEMENT AMBOHIMANARINA TEL 22 225 52
- 7e ARRONDISSEMENT 67 HA TEL 22 291 29
- 8e ARRONDISSEMENT ANALAMAHITSY CITE TEL 22 493 25
- POSTE DE POLICE AMPEFILOHA TEL 22 280 46
- POSTE DE POLICE MAHATONY TEL 22 242 22




# MVola, 1ère banque de Madagascar certifiée B Corp

B Corp ou B Corporation est la seule certification qui prend en compte toutes les dimensions des performances sociale et environnementale d'une entreprise de façon holistique.

MVola a réussi à répondre à ces exigences strictes et à se distinguer grâce à des pratiques commerciales durables et responsables.

Cette certification vient consolider la mission de MVola visant à **offrir à tous les Malagasy un accès équitable à des services financiers essentiels.**

Pour être certifié B Corp, MVola intègre volontairement des enjeux sociaux et environnementaux dans ses activités commerciales et ses relations avec les parties prenantes. Ces enjeux sont regroupés au sein de 4 axes stratégiques prioritaires, eux-mêmes liés aux Objectifs de Développement Durable :

- **Talent & Entrepreneuriat**
- **Population & Inclusion**
- **Innovations & Investissement**
- **Environnement**

MVola s'engage à innover et à mettre en œuvre une démarche d'amélioration continue. Les entreprises certifiées B Corp sonten effet soumises à une re-certification tous les 3 ans.




*"Cette certification B Corp renforce l'engagement de MVola à fournir des services financiers de qualité à l'ensemble de la population malagasy. Nous sommes très fiers de travailler chaque jour pour une finance encore plus inclusive et répondant aux meilleurs standards internationaux, tout en continuant à placer l'impact social, sociétal et environnemental au cœur de notre modèle d'affaires."* - affirme **Louis-Olivier Favot, Directeur Général de MVola.**

Certified B Corporation

MVola

GCL 573/1-1

Telma

12

MILLIONS

isika no misafidy ny Telma

#IsikaIray

GCL 572/1-1